

## HEBREO, TOKO FAHAFITO <sup>2</sup>



Ho tahiana ianao! Heveriko, aloha, fa manana zaza kely iray isika eto, vao niteny tamiko i Doc minitra vitsy lasa izay, ny rahalahiko, rahalahy araka ny nofo, izay naniry. . . ho an'ny fanolorana. Ary ankehitriny raha manana ny bitika keliny ireo reny ka te-hanolotra azy ireny ho an'ny Tompo, dia ho faly izahay ny hanao azy ireo ho avy izao ankehitriny izao, hitondra an'ireo madinika kely.

<sup>239</sup> Ankehitriny, ary olona maro, izy ireo, izay antsoin'izy ireo hoe, manao batisa azy ireo. Izany no ataon'ny fiangonana Metodista, ary mino aho fa ny Nazareana. Tsy azoko antoka. Tsia. Heveriko fa izany no nampisaraka azy ireo, dia ny batisanjaza, ny Nazareana sy ny Metodista Afaka. Fa, na ahoana na ahoana, ny sasany amin'izy ireo, dia manao zavatra anankiray sy iray hafa. Fa, ary ny sasany amin'izy ireo dia mandraraka rano kely eo amin'izy ireo. Ny sasany mamafy azy ireo. Ary, fa isika dia miezaka foana hijanona akaikin'ny Baiboly arak'izay fantatsika hoe ahoana. Ankehitriny, tsy misy Soratra ao amin'ny Baiboly ho an'ny famafazana zazakely iray, tsy misy Soratra koa ao amin'ny Baiboly ho an'ny famafazana olona iray. Tsy zavatra ara-tSoratra izany. Lamina iray an'ny fiangonana Katolika izany.

<sup>240</sup> Fa izy ireo—fa izy ireo dia tena, nitondra. . . Tena nitondra zaza kely teo amin'i Jesosy izy ireo. Ary—ary isika no tokony hisolo tena Azy. Tiant­sika ny hanao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony. Nametraka ny Tànany teo amin'izy ireny Izy ary—ary nitso-drano azy ireny, ka nanao hoe, “Avelao ny ankizy kely hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo, fa an'ny toa azy ny Fanjakan'ny Lanitra.” Ary izany no tohizantsika atao eto amin'ny tabernakla eto, raha miezaka hanaraka ny tena Baiboly isika, ny fomba fanolorana, amin'ny tsara indrindra izay fantatsika hoe ahoana.

<sup>241</sup> Noho izany ankehitriny, raha ity reny ity, na ny reny rehetra izay manana zaza kely hatolotra, raha mitendry ny *Ento Izy Ireo* Ranabavy Gertie, nahoana, ento eto amin'ny alitara izy ireo. Hidina izaho sy ny rahalahy ka hanolotra an'ireo madinika kely ho an'ny Tompo. Eny àry.

Rahalahy Neville. [Manolotra an'ireo zazakely Rahalahy Branham sy Rahalahy Neville. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

<sup>242</sup> Misaotra anao, Ranabavy Gertie. Tena mahafinaritra izany. Firy no tia ankizy kely? Raha tsy tia ianareo, dia misy zavatra tsy mety aminareo, misy zavatra tsy mety.

<sup>243</sup> Ankehitriny, izao hariva izao, ankehitriny mba hidirana ao amin'ny sisa amin'ireo fotoana. Izahay...ny antony nahatongavako indray izao hariva izao. Mazàna amin'ireo andro izay ananantsika an'ireo asam-panasitranana, dia manana anankiray isan'andro fotsiny ihany aho, satria manome ahy fanozongozonana iray mihitsy izany. Tsy fantatrareo mihitsy izany. Ary eto an-trano dia indroa mafy noho ny any an-kafa na aiza na aiza.

<sup>244</sup> Ary niala tsiny aho tamin'ny fanaovana hadalana iray tahaka ny nataoko aninkeo maraina. Fa ny zavatra voalohany nanorisory ahy, dia rehefa tonga i Billy niteny tamiko fa tsy afaka nahita olona betsaka homena karatra fangataham-bavaka izy. Teo amin'ny roa ambin'ny folo na efatra ambin'ny folo fotsiny no azony nozaraina. Nefa izy dia nanana ny... Tsy nisy olona nila karatra fangataham-bavaka. Heveriko fa mety tsara ny zavatra rehetra. Koa noho izany, arak'izany, dia tsy nieritreritra mihitsy aho...Ary avy eo rehefa nanomboka niantso an'ireo karatra fangataham-bavaka aho, dia nieritreritra aho fa hahazo an'ireo folo rehetra na roa ambin'ny folo, na izay hany nisy tato. Niantso azy ireo aho. Tonga teo amin'ny nomerao anankiray aho, zavatra iray, dia tsy niantso ilay izy. Ary niantso aho. Tsy namaly ilay izy. Ary tsy nieritreritra an'ilay izy mihitsy aho raha tsy niantso ahy Rtoa. Wood. Hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, alain'i Billy ireo karatra ka ampifangaroiny miaraka izy ireo, ary nozarainy fotsiny. Mety manana an'ilay nomerao telo izy," (sa tsy izany?) "nomerao telo ao anatin'ny paosiny."

<sup>245</sup> Azo antoka, mazàna izy dia mizara an'ilay dimampolo manontolo. Rehefa mitondra azy ireo eo anatrehan'ny olona izy, dia ampifangaroiny fotsiny izy ireo. Noho izany ny olona rehetra...Izany tsy manao hoe, "Omeo ahy ny nomerao iray." Na, mety tsy manomboka amin'ny nomerao iray isika. Mety manomboka amin'ny dimampolo isika, tsy fantatrareo, ary mandeha mihemotra. Mety manomboka amin'ny valo isika dia manohy. Mety manomboka amin'ny roapolo dia mandroso. Tsy fantatsika. Fa ampifangaroiny fotsiny izy ireo ary mizara azy ireo amin'ny olona arak'izay ilain'izy ireo. Ary izaho, tsy nieritreritra aninkeo maraina, mety niantso efatra na dimy amboniny aho, fa tsy teo izy ireo, satria mety tany amin'ireo roapolo na telopolo tany ho any ilay izy, hitanareo. Ary, noho izany, fa ny Tompo no nandamina an'ilay izy, fa ilay izy fotsiny dia tsy misy an'ilay—ilay tena fanerena teo amin'izany, tahaka ny ataony any ivelany any. Mety tsy hanandrana an'izany mihitsy aho—hanandrana an'izany indray.

<sup>246</sup> Fa, teto vao tsy ela akory izay, nangataka tamin'ny Tompo aho raha hanome antsika fivoriana tsara iray Izy, ka nampanantena aho fa izaho—tsy hangataka Aminy an'izany intsony aho, satria tena zavatra sarotra iray ilay izy. Ary

mifanohitra amin'ny Soratra izany. Hitanareo? Ary raha ianareo . . . Izany no manao an'ilay izy ho sarotra amiko. Satria, eo am-panaovana an'izany, dia izany no manome ahy ny—faharesena iray, eo am-panombohana. Hitanareo? Resy aho, eo am-panombohana.

<sup>247</sup> Na ahoana na ahoana, nisy olona iray niantso olona aninkeo tolakandro. Nantsoin'ny olona iray Rtoa. Wood. Ary nilaza, hoe, “Nisy olona iray ao amin'ny fiangonana nantsoina aninkeo maraina, mikasika ny lehilahy iray izay tena, tena marary, izay nanatona an'i Kristy aninkeo tolakandro, taorian'izany.” Hoe ilay—ilay lehilahy izay tena narary dia nanatona an'i Kristy.

<sup>248</sup> Ary ny zavatra iray hafa, niteny tamiko Rtoa. Wood fa niresaka tamin'ny rahavaviny aho, anabavy iray antitra kokoa, ka efa tany an-tranony marina tokoa aho indray andro ary nihinana ny sakafo hariva niaraka taminy, na nisakafo hariva niaraka taminy, tany Kentucky. Ary Andriamanitra Tsitoha no mahafantatra fa tsy nahalala an'io vehivavy io aho. Hitanareo? Marina izany. Izao fotsiny. . . Masi-mandidy ireo fahitana. Tsy fantatsika mihitsy hoe ahoana no handehanan'izy ireo na izay hitranga. Miankina amin'Andriamanitra izany, sy izay—izay miseho. Fa tena fantatro, teo am-piandrasana azy ireo, niandry teo.

<sup>249</sup> Ary indray andro rehefa tato io zazavavy kely io, izay noheverina ho nanana famantarana, izay izaho, tsy. . . Hitanareo, raha nomen'Andriamanitra ho an'izao tontolo rehetra izao izany, dia ho tsara; fa raha izany ilay izy, dia nifanohitra tamin'izay Noteneniny tamiko teny ampitan'ilay làlambe teto, hitanareo, taona vitsy lasa izay. Ary tiantsika ny nahazo antoka fa marina izany, ka namela ny fiangonana, satria teto ilay izy, hahita an'izany. Ary noho izany dia nantsoiko Rtoa. Snyder. Ranabavy Snyder. Eto izy any ho any. Manana fandrenesana sarotra kely fotsiny izy. Ary notenenin'ilay ramatoa kely moramora ilay izy, ka nanao hoe, “Tratry ny areti-mangotsoka ianao,” na aretin-kozatra, zavatra tahaka an'izany.

<sup>250</sup> Nefa, fantatro fa valahana tapaka iray ilay izy. Ary noho izany, ary avy eo dia nolazain'ny Fanahy Masina izany aninkeo maraina. Hitanareo?

<sup>251</sup> Ankehitriny, ilay izy dia, fanomezam-pahasoavana iray avy amin'Andriamanitra izany, ary miasa ao amin'ny fahamasi-mandidy. Fa ny manao an'ilay izy ho tena sarotra eto amin'ny tanàna eto, am-pahitsim-po, izaho—lasa mikorontana aho, isan'andro, eo am-pivavahana ho an'ny marary eto. Nana. . . Handeha aho, hiteny amin'ny olona an'ity. Handeha aho, hilaza hoe, “Efa nanao anareo ho salama ny Tompo ankehitriny. Efa nanasitrana anareo Jesosy rehefa maty ho anareo Izy, sivinjato sy arivo taona lasa izay. Teo no ho eo ianareo dia efa

sitrana. Ankehitriny, amin'Andriamanitra, amin'i Kristy, dia efa sitrana ianareo, sivilinjato sy arivo taona lasa izay. Efa lasa ny aretinareo. Mila ny finoanareo hanao an'ilay izy."

252 Ary avy eo dia afaka mandeha io olona io nefa tsy salama. Amin'izay fotoana izay dia tonga ilay olona, manao hoe, "Rahalahy Branham no niteny tamiko fa efa salama aho." Hitanareo? Miteny aminareo an'izay nolazain'Andriamanitra aho.

253 Ankehitriny, rehefa voateny nivantana tamin'ny olona iray izany, nivantana hoe, "Izany no HOY NY TOMPO HOE," mikasika ny zavatra anankiray izay hiseho. Izany no hanaporofa aminareo eo no ho eo fa efa voaaro ny fahasitrananareo. Ny finoanareo no nanisy tombokase an'izany. Hitanareo? Anareo ilay teny fikasana. Tsy teniko Izany. Izany dia Tenin'Andriamanitra, hoe efa sitrana ianareo. Hitanareo? Fa ianareo fotsiny. . . Na manao ahoana na manao ahoana, izaho—tsy afaka mandentika an'izany mihitsy aho, amin'ireo olona eto Jeffersonville. Izaho—tsy afaka manao an'ilay izy hitranga mihitsy aho. Fantatro. Hiezaka aho ny hanazava an'izany tsara mihitsy arak'izay vitako, fa izany fotsiny—tsy hitranga fotsiny izany. Izay ihany. Milaza aho. . .

254 Teto, vao tsy ela akory izay, nandeha tany amin'ny tokantrano iray aho, tany amin'ny lehilahy iray, ary teo ampahafatesana ilay lehilahy. Dia niantso ahy izy ireo hoe, "Tongava, mivavaha ho azy. Nilaza ny dokotera fa tsy ho velona hatramin'ny maraina izy."

255 Niditra aho. Ary hoy ilay lehilahy tanora tamiko hoe, "Atoa. Branham, tsy te-ho faty aho." Nahoana, tsy te-ho faty tokoa ilay lehilahy tanora. Nanana fianakaviana iray niaraka tamin'ny ankizy roa izy tany.

256 Eny, nanatona aho. Hoy aho hoe, "Ankehitriny, jereo, iza ny dokoteranao?" Noteneniny tamiko. Hoy aho hoe, "Ankehitriny mety niteny ilay dokotera fa ianao dia, ho faty ianao, saingy Andriamanitra dia mbola tsy nilaza fa ho faty ianao." Hoy aho hoe, "Ankehitriny, araka ny Baiboly, dia efa sitrana ianao, satria maty ho an'ny fahasitrananao Jesosy."

257 Hoy izy hoe, "Mino ve ianao fa ho salama aho?"

258 Hoy aho hoe, "Mino tanteraka an'izany tokoa aho."

259 Eny, raha nandeha nivavaka ho an'ny olona iray aho, ka tsy nampiasa an'io karazana finoana io, mba hinoako ho azy; raha mandeha aho hoe, "Oh, tsia, tsia, raha ny dokotera no nilaza taminao fa ho faty ianao, dia ho faty ianao. Milamina hatreo izany ankehitriny." Ankehitriny, izany ve no olona iray ho tonga hivavaka ho an'ny marary? Tsy hila an'izany olona izany ho ao an-tranoko aho, hivavaka ho ahy. Mila olona iray aho izay, na tsy nahita an'izany aza izy, na tsia, handray ny finoana izy

ka hijoro eo amin'ilay teny fikasana ho ahy. Marina izany. Dia nilaza aho . . . izy . . .

260 Nandeha izahay ary nivavaka. Hoy aho hoe, "Ankehitriny dia mahereza tsara."

261 Hoy izy hoe, "Ny tianao ho lazaina ve dia hoe ho salama aho?"

262 Hoy aho hoe, "Nahoana, azo antoka. Ny Tenin'Andriamanitra no nilaza fa ho salama ianao. Hitanao, 'Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra.'"

263 Hoy izy hoe, "Eny àry, hino an'Izany aho." Dia nivoaka aho ary niteny tamin'ny vadiny fa . . .

264 "Eo am-pahafatesana ilay lehilahy, sa tsy izany?"

265 "Eny, izany izy." Ary noho izany ny ampitso, dia maty ilay lehilahy, na andro vitsy taorian'izany.

266 Avy eo dia mivoaka io vehivavy io ary manomboka misotro sy manao hadalana. Ary ny iray tamin'ireo diakona, mino aho fa izay ilay izy, an'io fiangonana io, dia nanatona an'ilay vehivavy ary nanontany azy raha hiverina izy ka handeha indray any ampiangonana. Hoy izy hoe, "Tsy hino na iza na iza aho. Tonga teto i Branham mpitory teny ka nivavaka ho an'ny vadiko, nilaza fa ho velona izy, nefa maty izy tao anatin'ny roa na telo andro taty aoriana. Noho izany, dia tsy hino aho." Ankehitriny dia *izy* no eo am-pahafatesana. Eny àry.

267 Fa, na ahoana na ahoana, hitanareo, izany dia mba hanehoana fotsiny fa tsy miraharaha an'izay lazainareo ny olona. Hitanareo? Izany tokoa. Raha nivavaka ho an'ny olona iray aho, dia izaho—miteny amin'ireo olona ireo aho fa ho velona izy ireo. Izaho dia mino fa ho velona izy ireo. Saingy, tsy mampaninona, raha ny teniko no HOY NY TOMPO HOE tanteraka tokoa, ka tsy hino an'Izany ianareo, dia ho faty ianareo, na ahoana na ahoana. Izany tokoa. *Ity* no HOY NY TOMPO HOE, ary maro amin'izy ireo no mandray Azy nefa maty. Maro amin'izy ireo no mandeha any amin'ny helo, nefa, HOY NY TOMPO HOE, "Tsy voatery handeha ianareo." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka. Hitanareo? Izany dia izay . . . Izany rehetra izany dia mifototra eo amin'ny finoanareo.

268 Rahalahy Collins, tsy mihevitra aho fa ato izy izao hariva izao. Fa nihaino azy aho aninkeo maraina, izy no nanome an'ilay resaka mihaja indrindra teo amin'izany. Hitanareo? Hitanareo? Izy no nanome. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, ilay finoana iray ihany izay anananareo eto, no tsy maintsy hanananareo any. Satria, izany dia ny finoanareo isam-batan'olona, tsy ao amin'ny anaram-piangonanareo, fa ao amin'i Kristy. Tsy maintsy manana an'izany finoana izany ianareo." Ary tena marina tokoa izany. Tanteraka tokoa.

269 Ary ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra dia mifototra amin'ny finoanareo. Fa araka ny Tenin'Andriamanitra, HOY NY TOMPO HOE, dia efa sitrana ny olona tsirairay rehefa maty teny Kalvary Jesosy, "Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika, ireo Dian-kapony no efa nanasitranana antsika." Marina ve izany? Isika dia efa. Hoy ny Baiboly hoe, "Efa sitrana ianareo." Noho izany dia aza mandiso ahy, mpitory ny Teny iray fotsiny aho. Mandehana miteny amin'Andriamanitra fa niteny zavatra diso Izy, dia hiteny aminareo Andriamanitra hoe aiza ny fahalemenareo amin'izay fotoana izay. Hitanareo? Noho izany, ilay izy dia ny finoanareo. Hoy Jesosy hoe, "Raha mety mino ianao. Raha mety mino ianao."

270 Ankehitriny, rehefa renareo fa nanamarina ny finoanareo ny Fanahy Masina ka nampifahatra an'izany, ary nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE, 'Rahampitso amin'izao ora *anankiray* izao, dia hahazo zavatra *anankiray* ianao. Hiseho ny zavatra *anankiray*. Izany no ho famantarana iray ho anao." Ankehitriny, dia diniho izany. Asa efa vita iray izany, eo no ho eo ankehitriny.

271 Fa ilay izy rehefa tonga eo amin'ny resaka fanasitranana avy amin'Andriamanitra, dia tsy maintsy mametraka ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra eo amin'ilay fototra iray ihany aho, an'io fomba io, tahaka ny famonjena. Ny tsirairay avy aminareo, tsy mampaninona izay nataonareo, dia efa voavonjy ianareo hatramin'ny nahafatesan'i Jesosy, satria Izy dia maty mba hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. Saingy tsy hahavita soa anareo mihitsy izany mandra-panaikinareo manokana an'izany sy mahatsapa an'izany. Fa raha ny amin'ny fahotanareo, dia efa voavela izy ireo. Marina izany. Izy... "Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao." Hitanareo? Eo ianareo izao. Tsarovy izany ankehitriny.

272 Ankehitriny, fantatro fa eo am-pampianarana, ao amin'ny Soratra, fiangonana iray mifangaro isika. Ary matetika, ao amin'ity Bokin'ny Hebreo ity, izay Boky lalina iray raha ny marina... Tsy maintsy mamela an'izany vetivety aho ankehitriny. Hiezaka aho ny hamita an'ilay ampahany farany an'ity toko faha-7 ity.

273 Ary ankehitriny dia misy fanontaniana maro ao antsainareo, tsy isalasalana. Maro aminareo no manana fanontaniana, ary izaho dia hanana, ihany koa. Ankehitriny, amin'ny manaraka, raha sitraky ny Tompo, rehefa tonga aho...

274 Handeha ho any Michigan aho ankehitriny. Ary avy eo, avy any Michigan, dia handeha ho any Colorado aho. Ary avy any Colorado, dia ho any amin'ny Morontsiraka Andrefana. Ankehitriny—ankehitryny, rehefa tonga izahay, raha sitraky ny Tompo... Ankehitriny, tsy fantatro. Raha tsy any Chicago aho,

ny Alahady, dia mety hiverina eto aho amin'ny Alahady hariva ho avy.

275 Ankehitriny dia hanala ny pasiterantsika eto amin'ny polipitra eto isika mandritry ny enina herinandro eo, mandritr'ireto—ireto—ireto, ity Boky eto ity. Hitanareo? Ankehitriny isika. . . Tsy tiako ny hanao an'izany. Rahalahy Neville dia rahalahy iray maha-te-ho tia, malemy fanahy, tsara fanahy. Ary azoko antoka fa ity fiangonana ity dia tia andRahalahy Neville.

276 Ary koa, raha mbola miresaka aho; misy olona iray, manodidina an'ity tanàna ity any ho any, tompon'andraikitra tamin'ny fanoratana karatra iray, mba handroahana andRahalahy Neville hiala amin'ity polipitra ity. Tsy maintsy handamina an'izany miaraka amiko ianareo. Ah-hah. Marina izany. Ah-hah. Eny, tokoa. Ankehitriny, tiako ianareo. . . Nilaza fa ny dia- . . . zavatra iray mikasika ny komitin'ny diakona. Tsy misy idiran'ny komitin'ny diakona amin'io pasitera io. Tsia, tompoko. Ny fiangonana, manontolo, no manana ny fahefana rehetra. Ilay izy tsy. . . Ny komitin'ny diakona iray dia polisy iray fotsiny ato amin'ity fiangonana ity, hihazona ny lamina fotsiny sy ny sisa. Fa ilay izy rehefa tonga eo amin'ireo fitsipika, dia ny fiangonana manontolo no tsy maintsy milaza an'izany. Ity fiangonana ity dia miorina eo ambonin'ny fahamasi-mandidin'ny fiangonana eto an-toerana. Noho izany, tsy misy idirako amin'ny fandroahana an'io pasitera io, na mametraka anankiray. Izaho no tompon'ny fananana; natolotra ho an'ny fiangonana izy. Ianareo rehetra no fiangonana. Ianareo vahoaka no anankiray izay mifehy. Ianareo no fiangonana, ny tenanareo. Ary ilay Fiangonana, ilay Fiangonana masin'Andriamanitra dia ny fahamasi-mandidy, an'ny Fanahy Masina ao amin'io Fiangonana io. Ary ny zavatra tokana ataoko dia tompon'ny fananana, manolotra azy ho an'ity fiangonana ity, raha manolotra azy ho fiangonana iray, ary tsy mandoa hetra izy. Ary ny fiangonana no mifidy an'ireo pasiterany manokana. Tsy misy idirako amin'izany. Ary ny fomba tokana hany ahafahan'ny pasitera miala, dia na ny pasitera no manapakevitra samirery ny handeha, na ny maro an'isa amin'ny latsabaton'ny fiangonana no hilaza hoe, "Ovay ilay pasitera." Izany ihany no fomba tokana. Tsy misy komitin'ny diakona afaka manao an'izany. Ny komitin'ny diakona dia mihazona fotsiny ihany ny lamina sy ny sisa ao amin'ny fiangonana.

277 Ireo mpitantan-draharaha, tsy misy idiran'izy ireo amin'izany, manamboatra ny fiangonana fotsiny. Ary tsy afaka manao an'izany izy ireo raha tsy misy ny. . . Mivory ny komitin'ny mpitantan-draharaha manontolo ka manao hoe, "Isika dia hanorina an'ity, na isika dia hanao an'ity." Avy eo dia tsy maintsy manontany ny mpitahiry vola izy ireo raha manam-bola hanaovana an'izany. Eny, tompoko.

278 Fa raha misy fitarainana manohitra ny mambra iray, raha ny mambra iray no manana fitarainana iray manohitra ny anankiray hafa, na zavatra tsy mety, dia natao handeha ho any amin'io rahalahy io ianareo, ny tenanareo; ary miresaha aminy, izy sy ianareo irery. Avy eo raha tsy handray an'izany izy, amin'izay fotoana izay ny zavatra manaraka miseho, dia mitondrà anankiray amin'ireo diakona na olona iray, ary mandeha miaraka aminareo mankany amin'io rahalahy io. Avy eo raha tsy handray anareo izy, amin'izay fotoana izay dia teneno amin'ny fiangonana ilay izy. Avy eo raha ny fiangonana . . . Avy eo raha tsy handray ny fiangonana izy, amin'izay fotoana izay dia hoy ny Baiboly hoe, “Avelao izy ireo ho toy ny mpanompo sampy iray sy mpamory hetra iray.” Marina izany.

279 Ary ny olona rehetra izay mahafantatra olona iray meloka, nefa tsy mandeha mankany amin'izy ireo ary miresaka, amin'izay fotoana izay dia ianareo no ampahan'ilay fiangonan'Andriamanitra izay hamaly ny amin'izany fahotana izany. Marina izany.

280 Ary raha misy olona amin'izay fotoana izay manana fi—fitarainana iray manohitra diakona iray, na manohitra ny diakona na olona iray ao amin'ny fiangonana, dia mila olona telo izany. Olona telo izay ho tonga ka hilaza, hijoro vavolombelona, ny vavan'ny vavolombelona roa na telo. Tongava miteny amin'ny pasitera fa misy fitarainana iray manohitra diakona iray. Amin'izay fotoana izay raha misy fitarainana iray manohitra diakona iray, ilay diakona raha tsy le—lehilahy marina iray, le—lehilahy tanteraka iray. Tsy maintsy mihazona ny asan'ny diakona iray izy, tsy misy tsiny, ary noho izany dia hita ho tsy misy tsiny. Ary raha hitan'ny fiangonana fa tsy mihazona an'izany asa izany io diakona io, dia mitondra telo miaraka aminy izy ka mitondra an'izany any amin'ny pasitera. Angatahina io diakona io mba hijanona any an-trano amin'ny hariva. Ary amin'izay fotoana izay ny pasitera avy any. . . tonga ary mitondra ny fiangonana miaraka, manolotra an'ilay fitarainana. Ary raha mifidy an'ilay diakona hanohy ny asany ny fiangonana, dia manohy ilay diakona. Raha izy man- . . . mifidy an'ilay diakona ho roahina, dia mifidy diakona vaovao iray izy ireo amin'io hariva io ihany mihitsy. Hitanareo?

281 Noho izany, tsy misy idiran'ny olona anankiray amin'izany. Izany dia ny maro an'isa amin'ny olona. Eny, tompoko. Raha roapolo no mifidy azy, ary iraka amby roapolo no manohitra azy, dia mandeha izy; na, ny mifamadika. Hitanareo? Izany hoe, izany no fahamasi-mandidin'ilay fiangonana eo an-toerana ary, amin'izay fotoana izay, dia manan-kolazaina ny tsirairay avy amin'ireo mambra ao amin'ilay fiangonana. Raha misy zavatra iray miseho, ratsy, amin'izay fotoana izay dia afaka tonga avy hatrany izy ireo, ka ny zavatra tokana tokony ataon'izy ireo dia ny mankeo anatrehan'Andriamanitra mba hahitan'izy ireo



tanteraka tokoa fa tsy misy na inona na inona manakana ny fandrosoan'ilay fiangonana.

282 Fa ny fahefana manontolo sy feno an'ilay fiangonana dia ny pasitera. Vakio ao anatin'ny Baiboly izany, jereo raha tsy izany no lamin'ny Baiboly. Marina tokoa izany. Tsy misy anankiray ambonin'ny loholona. Tsy misy idirako amin'izay ataondRahalahy Neville eto. Miankina aminareo sy Rahalahy Neville izany. Raha te-hitory ny foto-pampianaran'ny Vavolombelon'i Jehovah i Rahalahy Neville, dia miankina aminy sy ianareo izany. Hitanareo? Raha te-hitory ny zavatra rehetra izay tiany ho toriana izy, dia eo aminareo sy izy izany. Izay ihany. Raha mifidy azy ao amin'izany ny fiangonana, mba hitory an'izany, dia mety tsara. Miankina aminy izany.

283 Ny zavatra tokana ataoko, dia tompon'ny fananana fotsiny. Ary raha misy zavatra hafa iray tonga, toy ny hoe mandroaka ny pasitera, ka te-hanao fifidianana iray eo amin'izany izy ireo, dia tsy afaka manontany diakona iray ianareo hanao an'izany. Tongava manontany ahy. Ho avy aho, ka hilaza hoe, "Raha te-handroaka ny pasitera ianareo, dia teneno amiko hoe nahoana. Nanao zavatra iray ve izy?"

284 "Eny. Tratranay izy, mamo. Na, tratranay izy nanao an'*ity*, na nanao zavatra tsy tsara."

285 "Manana vavolombelona telo ny amin'izany ve ianareo?"

286 "Eny. Manana izahay."

287 Tsy maintsy zahan-toetra aloha ireo telo ireo. "Aza mandray fiampangana iray manohitra loholona iray raha tsy amin'ny alàlan'ny vavolombelona roa na telo izany, ary aoka aloha izy ireo ho porofoina; manohitra loholona iray." Avy eo dia tsy maintsy mianiana amin'izany ianareo, fa nahita an'ilay izy; ary porofoy izany, fa nahita an'ilay izy ianareo.

288 Ary avy eo, raha nanao ianareo, amin'izay fotoana izay dia voaanatra miharihary io fahotana io, hoe, "Ratsy izany." Avy eo dia manaoa hoe, "Ry fiangonana, te-hanova ny pasiteranareo ve ianareo?"

289 Ary raha mifidy ilay fiangonana hoe, "Mamelà azy, ary aoka izy mbola hanohy," dia izany no fomba tokony hijoroan'ilay izy. Hitanareo? Izany, tsy ara-dalàna ve izany? Tsy izany ve no fomba hitantanana fiangonana iray? Izany no nolazain'ny Baiboly. Tsy manana eveka sy mpanara-maso ambony isika, ary mpanolotsaina sy ny sisa, hampiditra an'*ity* anankiray ity ary manana fahefana betsaka. Tsy misy olona manana fahefana eto afa-tsy ny Fanahy Masina. Marina izany. Izy no manao ny famindràna. Ary isika dia mandray Azy ho maro an'isa amin'ny olona, ny fomba andehanan'ny olona.

290 Ary noho izany raha ny andaniny iray te-hanao an'*ity*, ary ilay andaniny hafa te-hanao an'*itsy*, ka mandresy ilay andaniny.

Ilay andaniny resy, inona no ataon'izy ireo mikasika an'izany? Mikambàna avy hatrany amin'ny sisa amin'izy ireo, manao hoe, “Diso izahay, arak'izany. Handroso avy hatrany izahay, satria ny Fanahy Masina no nanao an'io safidy io.” Hitanareo? Marina tokoa izany.

<sup>291</sup> Tahaka an'ireo Demokrasy sy Repoblikana, raha mbola mijoro ho demokrasia iray foana isika, ho Amerikana. Raha ireo Demokrasy no ao, dia tokony hanohana azy ireo avy hatrany ireo Repoblikana; raha ireo Repoblikana no ao, dia manohana ny Demokrasy. Hitanareo? Izany marina tokoa no manao antsika ho firenena iray. Na oviana na oviana isika no manimba an'izany, dia manimba ny demokrasiantika isika. Marina izany. Hoy ireo Demokrasy hoe, “Tsy hanao na inona na inona aho; ireo Repoblikana no ao.” Amin'izay fotoana izay dia mianjera isika. Kentuckiana iray aho: raha miaraka isika dia mijoro, ary raha misaraka dia mianjera.

<sup>292</sup> Ankehitriny, raha misy zavatra iray tsy mety ao amin'ny fiangonana izay hany fantatrarao, isam-batan'olona iray na olona iray na inona, dia tena tompon'andraikitra ianareo ary hamaly eo anatrehan'Andriamanitra raha tsy manao an'io zavatra io hazava; ianareo, ny fiangonana. Ankehitriny, tsarovy, tsy eo an-tsoroko izany. Eo amin'ny anareo izany. Ary ny zavatra rehetra tsy mety ao amin'ny fiangonana, dia hanao anareo hamaly ny amin'izany Andriamanitra. Marina izany. Izany no fomba Itantanany Ny Fiangonany. Izany no fomba maha-izy azy ao amin'ny Baiboly. Izany no lamin'ny Baiboly. Izany no fahamasi-mandidin'ny fiangonana ao an-toerana. Ny pasitera no loha. Marina izany. Amena.

<sup>293</sup> Ankehitriny, tonga eto amin'ity Hafatra voatahy, tranainy eto ity. Ianareo, ankehitriny dia tiako ho fantatrarao izany. Ity dia raisim-peo, tsarovy, ity Hafatra ity. Ary ireo horonampeon'ny fiangonana, ireo lamina sy fitsipiky ny fiangonana, dia eo amin'ny horonampeo izany. Araka ny Baiboly izany. Tsy isika no mitantana an'izany; tsy misy olona eo amin'ny loha. Tsia. Ny rehetra, mitovy isika rehetra. Saingy, manana mpitarika iray isika, ny pasitera izany, raha mbola tarihin'ny Fanahy Masina foana izy. Marina. Eny àry.

<sup>294</sup> Ankehitriny, eto, dia hisy fanontaniana betsaka. Noho izany amin'ny fotoana manaraka izay ilazan'izy ireo, ary Rahalahy Neville no hilaza ao amin'ny radio fa ho eto aho, dia soraty ny fanontanianareo, mba ahafahako sy ianareo miara-miady hevitra an'izany. Sitrakareo ve? Eny àry.

<sup>295</sup> Fantatro fa efa nampianatra mikasika ny faharetan'ireo olo-masina aho. Efa nampianatra mikasika ny maha-Andriamanitra faratampony an'i Jesosy aho. Efa nampianatra mikasika ny fiarovana ny mpino aho, sy ny fanendrena mialoha, fifidianana mialoha, ary ny maro amin'ireo zavatra ireo. Ka, fantatro, fa

misy mpanaraka lalàna maro ato amin'ny fiangonako, izay mety tsara tanteraka. Tanteraka tokoa. Fa, ankehitriny, ireo zavatra, izaho dia mpanaraka lalàna, ihany koa, ary Kalvinista iray aho. Mino ny Baiboly fotsiny aho. Izay ihany.

<sup>296</sup> Ankehitriny, raha ny sasany amin'ireo, ireo fanontaniana. Ary efa nampianatra mikasika an'ireo porofo aho, ireo fahatsapana, sy ny sisa, ary ireo zavatra rehetra izay mety tsy ekenareo. Noho izany amin'ny iray amin'ireo hariva ireo, angamba, ndao isika hanao an'ilay izy . . .

Tena maika be ny hiverina eto ve ianao? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Tsia."—Mpand.]

Ndao isika hanao an'ilay izy amin'ny Alarobia hariva, amin'ny Alarobia hariva ho avy izao, amin'izay fotoana izay aho—heveriko fa izaho—afaka hanao an'izany aho amin'izay fotoana izay. Ento ny fanontaniana amin'ny Alarobia hariva, apetraho eto amin'ny lampihazo izany, ary ny fanontaniana mikasika ny Baiboly, eny àry, mikasika an'izay efa nampianariko ankehitriny. Ary amin'ny Alarobia hariva. Ary avy eo amin'ny Alahady manaraka, amin'izay fotoana izay, dia heveriko fa izaho—tokony ho any Chicago aho, na ahoana na ahoana. Ary avy any aho dia handeha any Michigan. Raha sitraky ny Tompo, dia ho eto aho amin'ny Alarobia hariva, hiezaka hamaly ny fanontaniana amin'ny tsara indrindra izay vitako. Ary hamindra fo anie ny Tompo ankehitriny.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny, vetivety fotsiny.

<sup>297</sup> Ankehitriny, Tompo finaritra, ity no Fanananao lehibe. Izany no Fiangonanao. Izany dia Ianao, Tompo, izay mihetsika, ary tianay ny mihetsika arak'izay hanetsehan'ny Fanahin'Andriamanitra anay. Ary mivavaka izahay ankehitriny mba Hitahiana anay. Ary raha manomana an'ity Hafatra ity izahay, ka miditra ao amin'ireto zavatra lalina ireto, dia mivavaka izahay mba hanambaran'ny Fanahy Masina azy ireo aminay arak'izay ilainay fotsiny. Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

<sup>298</sup> Ankehitriny, oh, izaho . . . Ity Bokin'ny Hebreo ity, dia asiako vidiny ho ny anankiray amin'ireo Boky lehibe.

<sup>299</sup> Any aoriana kely, dia mety izaho—izaho dia tokony . . . handeha any ampitan-dranomasina, ary izany, raha avelan'Andriamanitra, dia hataoko tsy ho ela. Tsy maintsy handeha ho any Afrika aho araka ny fahitana iray. Heveriko fa tsy hahomby betsaka mihitsy aho ao amin'ireo fivoriako raha tsy mandeha any Afrika ka manatanteraka an'io fahitana io. Ankehitriny, noho izany, izany angamba dia indray andro any amin'io lohataona ho avy io.

<sup>300</sup> Fa eo anelanelan'izany fotoana izany, dia tiako ny haka boky iray amboniny avy ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, izany

dia, ny toko faha-11-n'ny Hebreo. Ary hijanona eo amin'ny herinandro iray eo ao amin'io toko faha-11 io, ka haka ny tsirairay avy amin'ireo toetra ireo na ireo olona, ka hamoaka ny toetran'izy ireo. Hitanareo? “Tamin'ny finoana, i Noa,” amin'izay fotoana izay dia haka ny fiainan'i Noa. “Tamin'ny finoana, i Abrahama,” amin'izay fotoana izay dia haka ny fiainan'i Abrahama. “Tamin'ny finoana, i Abela,” amin'izay fotoana izay dia haka ny fiainan'i Abela. Hitanareo? Ary hitondra an'izany midina. Ho tianareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Oh, izany dia ho, hiditra ao anatin'ny Baiboly manontolo isika amin'izay fotoana izay. Ary amin'izay fotoana izay isika dia hiezaka mba, angamba, na hiditra, atao hoe, fivoriana herinandro iray na folo andro, fivoriana iray fotsiny aorian'ilay hafa, tahaka ny ao amin'ny fifohazana iray, indray andro any manodidina ny fialan-tsasatry ny Krismasy, na zavatra tahaka an'izany, raha sitraky ny Tompo.

301 Ankehitriny, tao amin'ny toko faha-7-n'ny Bokin'ny Hebreo, dia nihaona tamin'io Olona malaza io isika. Iza no afaka hiteny amiko hoe iza No Anarany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Melkizedeka.”—Mpand.] Melkizedeka. Ankehitriny, Iza io Melkizedeka io? Izy no mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra. Izy no Mpanjakan'i Salema, izany hoe Mpanjakan'i Jerosalema. Tsy nanana ray Izy, na tsy nanana reny Izy. Tsy nanana fotoana Nahaterahany akory aza Izy, na tsy hanana fotoana iray Hahafatesany Izy. Ankehitriny, hitantsika fa tsy maintsy ho Mandrakizay izany.

302 Hitantsika fa ny teny hoe *mandrakizay* [*forever*] dia midika hoe “elanelam-potoana iray.” Mbola tsaroanareo foana ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Elanelam-potoana iray, izany dia mandrakizay sy mandrakizay. Ary *mandrakizay* [*forever*] dia voambara, imbetsaka, ao amin'ny Baiboly ho “e—elanelam-potoana iray.”

303 Fa, ny Mandrakizay [Eternity], ary karazana Fiainana Mandrakizay anankiray ihany no misy, hitantsika. Marina ve izany? Andriamanitra no manana an'io Fiainana Mandrakizay io, irery. Marina ve izany? Karazana Fiainana Mandrakizay anankiray ihany. Tsy misy ny karazana teny hoe “Fanasaziana Mandrakizay.” Satria, raha tsy maintsy saziana mandritry ny Mandrakizay ianareo, dia tokony hanana Fiainana Mandrakizay ianareo mba ho saziana Mandrakizay. Tsy maintsy manana Mandr- . . . Ary raha manana Fiainana Mandrakizay ianareo, dia tsy afaka ho saziana, hitanareo, raha manana Mandrakizay. “Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay.” Marina ve izany? Fiainana Mandrakizay, satria mino ianareo. Eny, raha manana Fiainana Mandrakizay ianareo, dia tsy afaka ho saziana, satria manana Fiainana *Mandrakizay* ianareo. Koa, noho izany, raha hijaly

ao amin'ny helo mandrakizay sy mandrakizay ianareo, dia tsy maintsy manana Fiainana Mandrakizay.

304 Fa, ankehitriny, tena mino aho fa ny Baiboly dia mampianatra ny amin'ny helo mirehitra iray ara-bakiteny. Mampianatra an'izany ny Baiboly, hoe ny fahotana sy ny faharatsiam-panahy dia ho saziana, mandrakizay sy mandrakizay. Tsy ny Mandrakizay [Eternity] izany, ankehitriny. Mety ho folo lavitrisa taona angamba izany. Mety ho zato lavitrisa taona angamba izany, fa tsy maintsy hanana fiafarana iray izany indray andro any. Satria, ny zavatra rehetra izay nanana fiandohana iray, dia manana fiafarana iray. Izany dia ireo zavatra izay tsy nanana fiandohana iray, no tsy manana fiafarana.

305 Tsaroanareo ve izany lesona izany ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Toy ny ahoana no niverenantsika ka nahita fa ny zavatra rehetra izay nanana fiandohana iray dia simba, hitanareo, fahasimbàna iray avy tamin'ilay fotony. Ary, farany, dia miverina indray mankany amin'ny Mandrakizay iray izany. Ary amin'izay fotoana izay ny helo rehetra, ny fijaliana rehetra, ary ny fahatsiarovana rehetra an'izany, dia hanjavona ho amin'ny Mandrakizay. Ny zavatra rehetra izay nanomboka, dia mifarana.

306 Ary io Melkizedeka io dia tsy Jesosy, satria Andriamanitra Izy. Ary ny nanao an'i Jesosy sy Andriamanitra ho samihafa, dia hoe, Jesosy no ilay Tabernakely izay nitoeran'Andriamanitra. Hitanareo? Ankehitriny, Melkizedeka. Jesosy dia nanana ray sy reny. Fa ity Lehilahy ity dia tsy nanana ray na reny mihitsy. Jesosy dia nanana fiandoham-piainana iray ary nanana fiafaram-piainana iray Izy. Ity Lehilahy ity dia tsy nanana ray, na nanana reny, tsy nanana fiandohan'andro na fiafaram-piainana. Saingy, Izany dia ilay Olona iray ihany. Izany dia, Melkizedeka sy Jesosy dia Iray; saingy Jesosy no ilay vatana eto an-tany, nateraka sy vita araka ny fahotana. Vatan'Andriamanitra Manokana, ny Zanany Manokana, nateraka ary vita araka ny fahotana, mba hanala an'ilay fanindronan'ny fahafatesana, mba handoa an'ilay vidiny, ary mba handray zanakalahy sy zanakavavy ho an'ny Tenany. Azonareo ve ilay izy? Izany no antony Nananany—Nananany fiandohana iray, Nananany fiafarana iray.

307 Fa ity vatana tanteraka ity, ao amin'ny fahatsiarovana, toy—toy ny antoky ny fitsanganantsika, dia tsy navelan'Andriamanitra ahita ny lò io vatana masina io, satria Izy Tenany no namorona an'izany. Ary nampitsangana an'izany, sy nanangana an'izany, ary nametraka an'izany eo an-Tànany ankavanana.

308 Ary, androany, dia ato amin'ny Fiangonana ilay Fanahy Masina izay nanangana an'io vatana io. Isaorana anie ny

Anaran'ny Tompo! Ary maneho an'ireo fahagagana sy hery iray ihany. Ary indray andro any io Fanahy Masina io, izay ao amin'ny Fiangonana, dia hiantsoantso sy hitsangana, ary hampiditra ny tenany ao anatin'io endrika vatana io izay mipetraka eo antànana ankavanan'ny Fiandrianan'Andriamanitra, mba hanao fanelanelanana ho antsika mpanota. Ary amin'ny alàlan'Izany no iarovana tanteraka antsika amin'ny fahotana. Tsy hoe tsy manota isika; fa voaro amin'ny fahotana, ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Satria, misy fanatitra mandeha Rà mijoro eo anelanelako sy Andriamanitra, eo anelanelanareo sy Andriamanitra. Izany no antony Nilazany hoe, “Ny olona izay naterak'Andriamanitra, dia tsy manota, tsy mahay manota izy.” Satria, raha nateraka indray ianareo, dia ilay tena Fanahy Masina izay nitoetra tao anatin'io Vatana io mihitsy no mitoetra ao anatinareo. Ary tsy mahay manota Izany; mipetraka eo Anatrehany ilay fanatitra. Noho izany raha minia manao an'ilay izy ianareo, izany dia maneho fa tsy azonareo atao ny ho ao anatin'io Vatana io. Amena. Izany no Filazantsara. Eo Izany.

<sup>309</sup> Noho izany, hitanareo, tsy mampifanohitra ny iray amin'ireo Soratra Izany. Mamatotra ny Soratra miaraka Izany. Hitanareo? “Tsy azo atao ho an'ireo efa nohazavaina indray mandeha.” Eo no hahazoantsika an'ireo fanontaniako. Fa, ento fotsiny izy ireo, izany no tiantsika.

<sup>310</sup> Mariho ankehitriny. “Tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, ny mihemotra mba hanavao ny tenany indray ho amin'ny fibebahana, hita fa manohombo ny Zanak'Andriamanitra indray izy ireo, ary manao Azy... ary mitondra Azy eo amin'ny fahamenarana miharihary.” Tsy afaka manao an'izany izy ireo.

<sup>311</sup> Avy eo dia mandehana ao amin'ny Hebreo 10, izay Ilazany eo hoe, “Fa raha minia manota isika rehefa avy nandray ny fahalalana ny Fahamarinana.” Ary inona ny fahotana? Tsi-finoana.

<sup>312</sup> Raha mahita mazava tsara ny Fanahy Masina nanao an'ireo zavatra izay Nataony teto mihitsy ianareo aninkeo maraina, ary mahita fa nitsangana tamin'ny maty Kristy, ka velona ao amin'Ny Fiangonany Izy ary eo anivon'ny Olony, nefa minia mandà an'Izany ianareo, dia tsy azo atao ny mba hanatonanareo an'Andriamanitra, satria niteny ratsy ny Fanahy Masina ianareo.

<sup>313</sup> Nilaza an'ireo zavatra ireo ihany Jesosy, rehefa nanao an'ireo fahagagana ireo Izy.

<sup>314</sup> Hoy izy ireo hoe, “Nahoana, Belzeboba Izy. Mpanao hatsarana iray Izy. Devoly Izy.”

<sup>315</sup> Nitodika Jesosy, ary nanao hoe, “Hamela anareo Aho ny amin'izany. Fa rehefa tonga ny Fanahy Masina ka manao an'izany, ny miteny teny iray manohitra an'Izany dia tsy ho avela mihitsy amin'ity fiainana ity na ny fiainana ho avy.” Satria

ianareo dia niantso ny Fanahin'Andriamanitra izay tao Aminy hoe, “fanahy maloto iray.”

316 Noho izany, raha minia manota isika, raha manota isika, minia tsy mino. Tsy taorian'ny nandraisantsika ny Fahamarinana, nateraka indray; tsy afaka hanota isika amin'izay fotoana izay. Ny mpanota iray dia tsy manao ny tsy azo avel- . . . Ny Kristiana iray dia tsy afaka manao fahotana tsy azo avela. Tsy afaka manao an'izany izy. Ilay tsy masina no manao an'izany. Izany dia ilay mody-mpino, fa tsy ilay mpino.

317 Ireo raby Jiosy ireo, oh, nihevitra izy ireo fa ara-pototra izy ireo, ary izy ireo dia nanana ny D.D.-ny sy ny Ph.D.-ny. Nihevitra izy ireo fa nanana an'izany voazaitra tsara, tao anatin'ny gony iray, saingy izy ireo no mpanota ratsy indrindra. Oh, izy ireo dia mety. . . Ianareo dia tsy afaka mametraka tãnana iray eo—eo amin'ny fiainan'izy ireo. Madio izy ireo, tsara toetra, ary marina, tahaka an'izany. Saingy tsi-mpino izy ireo.

318 Ary raiso ny teny hoe fahotana ka jereo ny dikany. Ny teny hoe *fahotana* dia midika hoe “tsi-finoana.” Vondrona roa ihany no misy, izany dia, mpino iray na tsi-mpino iray. Izany hoe, olona iray nohamarinina na mpanota iray. Izay ihany. Raha tsi-mpino iray ianareo, dia mpanota iray; tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana aza ianareo, na impiry ianareo no mandeha any am-piangonana, na dia mpitory teny iray aza ianareo. Mbola tsi-mpino iray foana ianareo.

319 Mpitory teny ireo Fariseo ireo, nefa tsi-mpino izy ireo, ary ao amin'ny helo androany noho izany. Ara-pivavahana mihitsy arak'izay maha-izy azy ireo, ary mpivavaka, saingy tsy nino Azy izy ireo. Ary izy ireo dia niantso Azy hoe “devoly iray,” ary nandà Ny Teniny. Ary hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, “Raha ianao no izy, ankehitriny dia midina avy eo amin'ny hazo fijaliana. Manaova fahagagana iray. Avelao izahay hahita anao manao an'izany.” Ny anankiray nikapoka Azy teo amin'ny loha, tamin'ny tsora-kazo iray, ka nanao hoe, “Maminania ka teneno aminay izay namely anao, ianao mpaminany, dia hino anao izahay.” Hitanareo, tsi-mpino! Mody-mino izy ireo hoe mpino, saingy tsi-mpino izy ireo, tsy nateraka indray, voasaraka, na dia masina sy mpivavaka aza izy ireo.

320 Kanefa, izany ilay zavatra iray ihany izay mitsangana amin'izao andro izao. Afaka mandeha any am-piangonana ireo lehilahy sy vehivavy ary manana tarehy lava, ary—ary mpivavaka arak'izay maha-izy azy, ary tsy mandainga mihitsy, mangalatra, sy miezaka ny miaina ny fivavahany amin'ny tsara indrindra izay vitany. Saingy, raha tsy mpino iray izy ireo, dia very. Noho izany dia tsy misy singana mpanaraka lalàna mihitsy ao amin'ny Baiboly. Ny Kalvinisma dia . . . Ny fahasoavana no nataon'Andriamanitra ho anareo, ary ireo asa dia izay ataonareo ho an'Andriamanitra. Miavaka tanteraka tokoa izany.

321 Raha mijanona tsy mandainga ianareo, mijanona tsy mifoka, mijanona tsy mangalatra, mijanona tsy mijangajanga, mijanona amin'ny rehetra, nanao ny zavatra rehetra, nitandrina an'ireo didy, ary nandeha tany am-piangonana, natao batisa isaky ny Alahady, nandray ny fandraisana, nanasa ny tongotr'ireo olo-masina, nanao ny zavatra rehetra, nanasitrana ny marary, ary nanao an'ireo zavatra hafa rehetra ireo, raha tsy nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianareo, voafidy, dia very. "Tsy izay maniry na izay mihazakazaka, fa Andriamanitra izay maneho famindrampo."

322 Nanandrana ny tsarany indrindra i Esao mba ho lasa Kristiana iray, nefa tsy afaka nanao an'izany. Ny Baiboly no nilaza fa nitomany mafy izy, nitady toerana hibebahana, fa tsy afaka nahita an'izany. Talohan'ny nahaterahany akory aza, dia efa nanazona azy Andriamanitra, satria Fantany fa mpisandoka iray izy tao am-pony. Tamin'ny fahalalana mialoha no nahafantaran'Andriamanitra an'izany. Hoy Izy hoe, "Tiako i Jakoba, fa Halako i Esao." Ary Esao dia toy ny lehilahy henin-kaja. Nijanona tao an-trano izy, ary nikarakara ny rainy antitra jamba, namahana ny biby fiompy, sy ny sisa, zazalahy tsara iray.

323 Ary Jakoba dia zanakalahin'i mama, sarimbavy antitra kely mpandainga. Izany izy. Tsy maintsy manaiky an'izany ianareo. Manaiky ny Baiboly, maneho an'izany. Mandehandeha, manao ny zavatra rehetra. Ary—ary, i mama, mifikitra amin'i mama. Fa, kanefa, Jakoba, niaraka tamin'ireo ambony sy ambaniny rehetra, sy ny fombany sarimbavy, dia mbola nanana fanajana an'io fizokiana io foana izy. Izany ilay zava-dehibe.

324 Esao dia lehilahy henin-kaja indroa noho i Jakoba. Raha tsy maintsy hitsara azy isika androany, ho mambra iray an'ny fiangonantsika, dia haka an'i Esao ianareo, arivo amin'ny iray, raha tsy nahafantatra azy ianareo. Fa Jakoba no nalain'Andriamanitra.

325 Inona no ho nataonareo tamin'i Masindahy Paoly, raha naniry ny ho mpitoriteny iray izy? Jiosy antitra kely iray, mifaingok'orona, ary mivilana ny vavany, ary mandeha eo ka mifamaly, ary ahoana fa hamotika an'ilay Fiangonana izy. Hanao ny zavatra rehetra izy. Ho nihevitra ianareo fa nanao an'ilay fahotana tsy azo avela izy. Saingy hoy Andriamanitra hoe, "Mpanompoko izy."

326 Andriamanitra no maka olona ka manao azy ireny ho hafa, fa tsy ny olona no maka an'Andriamanitra ka lasa hafa. Andriamanitra no maka ny olona ka manao azy ho hafa. Ilay izy dia tsy izay ataonareo, izay tianareo, izay heverinareo. Ilay izy dia izay ataon'Andriamanitra. Eo ianareo izao. Ary izany ilay tantara.

327 Ankehitriny, ity Melkizedeka lehibe ity, tantara iray toy ny inona ny Aminy eto! Te-hamaky kely fotsiny isika,



karazan'ny...tsy maintsy nandalo tamin'izany haingana mihitsy isika. Hanomboka indray isika eto eo amin'ny ampahany anankiray an'ny Soratra, ary hanomboka eo amin'ny andininy faha-15 isika.

*Ary dia hita...marimarina kokoa: fa misy... mpisorona hafa miseho ka tahaka an'i Melkizedeka.*

328 Ankehitriny, Melkizedeka dia Mpisorona iray. Izany ve Izy? Io no naha-izy Azy. Hitantsika fa Andriamanitra, tany amin'ny voalohany, dia loharano lehibe iray an'ny Fanahy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy nanana toerana nahaterahana Izy. Tsy nanana toerana nahafatesana Izy. Tsy nanana fiandohan'andro Izy. Tsy nanana fiafaran-taona Izy. Mandrakizay fotsiny tahaka ny maha-Mandrakizay ny Mandrakizay Izy. Tsy nateraka mihitsy Izy. Tsy maty mihitsy Izy.

329 Ary tao amin'izany, dia hitantsika fa, nanana Fanahy fito karazana Izy. Marina ve izany? Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Apokalypsy, hoe, "Ireo Fanahy fito teo anoloan'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ireo fito, maro karazana, Fanahy fito. Mahita isika, fa misy loko fito. Misy ny taona fiton'ny fiangonana eo. Oh, mitohy tsara izany. Ny fito dia feno, ary Andriamanitra dia feno. Ary ireo Fanahy fito, ary ireo Fanahy fito ireo dia tanteraka. Ny voalohany dia loko mena; fitiavana tanteraka, fanavotana. Ary ahoana, raha nanam-potoana isika, mba hanome an'ireo loko ireo ka haneho fa ny tsirairay avy amin'ireo loko ireo dia maneho ny fahadiovan'Andriamanitra. Amena. Ireo loko ireo, misy ny loko fito ara-boajanahary. Ireo loko ireo dia maneho ny fahadiovan'Andriamanitra. Ary ny... Ireo loko ireo dia maneho an'ireo anton'Andriamanitra, ny toetran'Andriamanitra. Ireo loko fito ireo, izy ireo dia maneho an'ireo taona fiton'ny fiangonana, kintana fito, anjely fito. Manerana ny Soratra rehetra, mpitoriteny fito, iraka fito, hafatra fito, ny rehetra dia ao amin'ny fito. Andro fito. Andro enina, ary ny fahafito dia ny sabata; tanteraka, feno. Oh, tsara tarehy izany, raha nanana fitoana hangadiana an'izany isika ka hamoaka an'izany, ireo loko ireo!

330 Raiso ny loko mena. Raisintsika ny loko voalohany, dia mena. Inona ny mena? Ny mena dia famantarana loza iray. Ny mena dia famantaran'ny fanavotana. Ary raha mijery ny mena amin'ny alàlan'ny mena ianareo, dia loko inona ilay izy? Fotsy. Marina izany. Noho izany rehefa nalatsaka ilay Rà mena, mba hanarona an'ilay fahotana mena, Andriamanitra, izay nijery tamin'ny alàlan'ny Rà mena, nijery ny fahotana mena, dia lasa fotsy izany. Tsy mahay manota ilay mpino. Tsia tokoa. Ny Voan'Andriamanitra, ireo tso-dranon'Andriamanitra, no mitoetra ao aminy. Tsy afaka mahita na inona na inona

afa-tsy ny Ràn'Ny Zanany Manokana Andriamanitra. Tsy mampaninona izay misy ao amin'Ny Fiangonany, na inona izy, tsy mahita an'izany Andriamanitra, satria Jesosy dia manao fanelanelanana, tsy ankitsahatra, ilay Mpisoronabe. Tsy misy fomba hanotàny, rehefa mipetraka eo ho azy ny Fanatitra, tahaka an'izany. Tsia tokoa.

<sup>331</sup> Ary raha hoy ianareo ankehitriny hoe, “Eny, manome ahy anjara tsara iray izany . . .” Amin'izay fotoana izay dia izany no maneho fa tsy mahitsy ianareo.

<sup>332</sup> Hankasitraka an'Izany ianareo. Ho tia an'Izany ianareo, raha tena Kristiana iray, ho eo amin'ny toerana iray izay hahatonga ny fahotana hanahiran-tsaina anareo hany ka tsy afaka hanao an'izany ianareo. “Satria ny Voan'Andriamanitra no mitoetra ao aminy, ka tsy mahay manota izy.” Hoy ny Baiboly hoe, “Nodiova indray mandeha tamin'ny Ràn'i Jesosy, tsy manana fanirian'ny ota intsony.” Raha manana faniriana iray ianareo, dia tsy mahitsy amin'Andriamanitra ny fonareo.

<sup>333</sup> Ankehitriny, hanao ratsy ianareo, saingy tsy manao an'izany fanahy iniana. Hitanareo? Ianareo dia—voafandrika ianareo, ary ny zavatra rehetra nahavoafandrika anareo, na nanao zavatra izay tsy inianareo atao, dia mbola tsy fahotana izany, hibebaka ianareo amin'ilay minitra izay ahitanareo fa diso ianareo. Hiverina haingana ianareo ka hanao hoe, “Tsy fanahy iniako . . . tsy hitako izany.” Hilaza an'izany ianareo, mandritry ny fiainana rehetra. Tsy te-ho izany ny olona iray, izany no antony hoe tena donto saina isika ary tena ao anatin'ny aizina, eto an-tany eto, ka misy Rà iray fanaovam-panavotana ho antsika, isan'andro, mba hihazona antsika ho voasarona. Satria, ny fahadisoana voalohany izay nataontsika . . .

<sup>334</sup> Ankehitriny, io ilay hevitrareo araka ny lalàna. “Oh, mba fantatrao moa? Efa nohamasinina io vehivavy io. Saingy, isaorana Andriamanitra, nanao ratsy izy. Fantatro fa miverin-dàlana izy.” Diso izany. Tsy miverin-dàlana izy. Nanao fahadisoana iray izy. Raha ninia nanao an'izany izy, amin'izay fotoana izay dia tsy nahitsy izy, eo am-panombohana.

<sup>335</sup> Raha tsy fanahy iniany ny nanao an'ilay izy, ka mandeha eo anatrehan'ilay Fiangonan'Andriamanitra masina izy ary miaiky an'izany, ka manao hoe, “Diso aho, ka mamelà ahy ianareo,” dia andraikitrary ny manao an'izany. Raha tsy manao an'izany amin'ny fonareo ianareo, amin'izay fotoana izay dia ianareo ihany no tokony nandeha teny amin'ny alitara. Marina. Izany no tena fahamasinana ao amin'ny fiangonana. Izany no fahamasinana tena izy, tsy ny fahamasinanareo, fa ny an'i Kristy.

<sup>336</sup> Tsy manana fahamasinana haseho Azy aho. Fa mahatoky ny Azy aho, oh, ny Fahasoavany, ary manana an'izany aho ato am-poko. Tsy mendrika an'izany aho, tsy misy na inona na inona

azoko natao mba ho mendrika an'izany, fa nohon'ny fahasoavana no Niantsoany ahy sy nanasany ahy ho tonga. Ary nitodika nankany Aminy aho, ka Izy no nanaisotra ny faniriana niala tamiko. Manao fahadisoana an'arivony isam-bolana aho, isantaona. Azo antoka tokoa, manao aho. Saingy rehefa hitako fa diso aho, dia hoy aho hoe, "Andriamanitra, tsy fanahy iniako ny nanao an'ilay izy, Fantatrao ny foko. Tsy fanahy iniako ny nanao an'izany. Voafandrika tao anatin'izany aho. Tsy fanahy iniako ny nanao an'ilay izy. Mamelà ahy Ianao, Tompo."

337 Raha nanao ratsy tamin'ny rahalahiko aho, dia hoy aho hoe, "Rahalahy, mamelà ahy. Tsy fanahy iniako ny nanao an'izany." Izany tokoa, Andriamanitra no mahafantatra ny foko.

338 Oh, eo ianareo izao. Izany ilay fanatitra mandeha Rà. Izany ilay herin'ny Filazantsara, ilay Fiangonana masina mandroso. Tsy nohon'ny zavatra izay nataonareo; zavatra tsy misy idiranareo izany. Izany ilay Fanaovam-panavotana.

339 Ankehitriny, io Melkizedeka io, rehefa tonga Izy.

340 Te-hiteny zavatra hafa iray aminareo aho. Ianareo ve efa mba naka fi—fitaratra telozoro iray? Alaivo ny fitaratra iray izay telozoro, ary apetraho izany mba ahafahan'ny masoandro mamely azy, hamokatra loko fito tanteraka izy. Ny fitaratra telozoro iray dia hamokatra avana iray. Marina tokoa izany. Ankehitriny, raha nanam-potoana isika, dia ho niditra teo amin'izany. Ny telo dia mitondra fahatanterahana: Ray, Zanaka, Fanahy Masina; fanamarinana, fanamasinana, ny batisan'ny Fanahy Masina. Eo ianareo izao. Ny fahatanterahana dia avy amin'ny telo. Andriamanitra, eo ambonin'ny olona; Andriamanitra, ao anatin'ny Olona nantsoina hoe Jesosy; Andriamanitra, ao amin'ny Fiangonana. Noho izany, ny fahatanterahana.

341 Nanota ny olona, raha mbola *teto* ambony teto foana Andriamanitra tao anatin'ny Andry Afo iray. Andriamanitra . . . Nanota ny olona, raha ny marina, teo anatrehan'Andriamanitra, raha mbola tao anatin'ny Andry Afo iray foana Andriamanitra, satria mbola olona iray tsy madio foana izy, rà-m-biby no nipetraka teo Anatrehany.

342 Avy eo dia tonga ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra, dingana faharoa mazava tsara an'Andriamanitra; Andriamanitra iray ihany, asa hafa iray. Ary avy eo io Andriamanitra io tao . . . izay tao amin'i Kristy, dia ilay Andriamanitra iray ihany izay tao anatin'ilay Andry Afo. Ary ilay Andriamanitra iray ihany no tonga nofo ka nonina teo anivontsika. Ary avy eo dia naneso Azy ny olona, mbola notakiana taminy foana ny amin'izany. Tsy mbola nisy Rà nalatsaka. Marina izany. Hoy Jesosy hoe, "Hamela anareo Aho."

343 Fa avy eo io Anankiray izay nofo io ihany, no lasa tao amin'ilay Andry Afo indray. "Avy tamin'Andriamanitra Aho.

Handeha ho any amin'Andriamanitra Aho.” Eto isika dia mahita an'i Paoly nihaona Taminy, teny amin'ny lalana nankany Damaskosy, io Andry Afo iray io ihany. Hitantsika fa nihaona Taminy i Petera tao am-ponja, io Andry Afo iray io ihany. Izany tokoa. Ary hitantsika Izy androany, eo anivontsika, ilay Andry Afo iray ihany.

<sup>344</sup> Fa ny fahatanterahana dia tonga teo amin'ny toerana, ka ilay Olona eo afovoany. . . Ankehitriny, raha sendra misy Jiosy iray eto, na olona iray izay mahazo ny Testamenta Taloha. Mba hanaporofa an'izany, dia mamelà ahy haneho aminareo. Tsy manana ny Testamenta Taloha aho miaraka amiko, izao ankehitriny izao. Ity dia—dia ny Testamenta Vaovao. Fa amin'ny fanaterana ny mofa aseho izay nipetraka teo amin'ny lovia-ny hostia, tamin'ny fanatitra Jiosy tamin'ny fanadiovana an'ireo tabernakely; manontania Jiosy iray; teo amin'ireo singa-mofa telo ireo, ilay singany teo afovoany dia vaky. Kristy izany. Vaky ilay singany teo afovoany; Kristy, ilay eo anelanelana. Naneho fa tsy maintsy hisy fahavakisana iray, any ho any, ho an'ny fanavotana. Ary io singany io dia noraisina ho fanavotana, teo amin'ilay mofa hostia.

<sup>345</sup> Ary indro Izy. Ary izao hariva izao, rehefa mandray ny fandraisana isika, dia mamaky an'ilay mofa hostia, satria izany no vatan'i Kristy. Ary novakiana Izy teo Kalvary, mba ho Fanavotana iray ho an'ny fahotantsika, mba amin'ny alàlan'ny Fahamarinany no ahafahantsika ho lasa Fahamarinany. Satria, lasa fahotantsika Izy, mba ahafahantsika ho lasa Fahamarinany. Rahalahy, izany no tena fahasoavana madio. Tanteraka tokoa. Tsy misy fomba, fomba hafa iray ahafahanareo hanamarina.

<sup>346</sup> Ankehitriny, io Melkizedeka io, io Olona lehibe izay nihaonana teny amin'ny lalana io, izy dia nandoa, nandoa ny ampahafolon-karena Taminy i Abrahama. Tsy maintsy ho Lehilahy lehibe toy ny inona Izy! Mariho ankehitriny, haingana mihitsy.

*Izay natao, tsy araka ny lalàn'ny . . . didy ara-nofa, . . .*

<sup>347</sup> Ankehitriny hitanareo ve io lalàn'ny mpanaraka lalàna io? Hoy ny lalàna hoe, “Aza mamono olona. Aza mijangajanga. Aza mangalatra.”

<sup>348</sup> Fa niverina avy hatrany Jesosy, nanao hoe, “Izao no voalaza tamin'ny andro fahiny hoe, ‘Aza mamono olona,’ fa Izaho kosa milaza fa na iza na iza hany tezitra amin'ny rahalahiny, tsy misy antony, dia efa namono sahady. Izao no voalaza ao amin'izy ireny, ireo andro fahiny hoe, ‘Aza mijangajanga,’ fa Izaho kosa milaza aminareo, fa na iza na iza mijery vehivavy ka mitsiriritra azy, dia efa nijangajanga taminy sahady tao am-pony.” Eo ianareo izao. Tokony hampianatra ny vehivavy izany hoe ahoana no hiakanjoana, ahoana no anaovana izay tsara. Raha ratsy fiakanjo ianareo, ka manao an'ireo lehilahy hijery anareo

amin'ny fomba ratsy, dia meloka tamin'ny fijangajangana ianareo, mitovy mihitsy amin'ny hoe nahavita an'ilay hetsika ianareo. Jesosy no niteny an'izany.

349 Ary ianareo olona miaraka amin'ireo hatezeran'ny lelan-tsofa ireo, izay mitatatata vava amin'ny olona iray, tsy mahatanty, ary ireo zavatra tahaka an'izany. Mitandrema. Meloka ianareo raha miteny teny iray manohitra ny rahalahinareo izay tsy tsara, tsy marina, mandeha eo ary manorotoro azy. Tsy mila manindrona antsy ao amin'ny lamosin'ny olona iray ianareo mba hamono azy. Afaka manimba ny toetrany ianareo ka mamono azy, mamono ny fitaomany. Miteny manohitra ny pasiteranareo eto, milaza zavatra ratsy mikasika azy, mitovy amin'ny hoe mitifitra azy ianareo. Miteny zavatra izay tsy tsara mikasika azy, eny, hamono ny fitaomany eo amin'ny olona izany sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary meloka ianareo ny amin'izany. Izany no nolazain'i Jesosy.

350 Ankehitriny, henoy eto, izay—izay noezahan'i Paoly hahatongavana eto. Tiako ity Baiboly tranainy ity. Manitsy anareo tanteraka Izy. Jereo, oh, jereo fotsiny eto. Ankehitriny, raha mamaky isika ny fahefa- . . . “Izany dia . . . fa marina fa ny Tompontsika dia nivoaka avy tamin'ny Jo- . . .” Andraso, mino aho fa manana andininy iray hafa aho eto izay saika ho vakiako. Tsia, eto amin'ny faha-16.

*Izay natao, tsy araka ny lalàn'ny . . . didy ara-nofa, . . .*

351 Izany ilay araka ny lalàna, hitanareo. “Oh, rahalahy, izaho—izaho tsy tokony. Izaho tsy tokony. Fantatro, saingy izaho . . .” Tsy izany ilay izy. Ny fitiavana no manao an'izany.

352 Ahoana fa efa nandalovantsika izany! Hoy aho hoe, “Raha nilaza aho tamin'ny . . . mikasika ny vadiko hoe, ‘Oh, eny, izaho—izaho—te-hanana vady roa aho. Te-handeha hiaraka amin'ity anankiray ity aho, hanao an'ity amin'ilay anankiray etsy. Saingy, raha manao aho, dia hisaraka amiko ny vadiko, ary ireo zanako dia ho ao amin'ny . . . Ho very ny asam-panompoako.” Ianareo mpihatsaravelsihy maloto, lô. Marina izany. Tsy tia azy tsara ianareo, voalohany. Marina tokoa izany.

353 Raha nitia azy ianareo, dia tsy hisy lalàna mikasika an'izany. Ho tia azy ianareo, na ahoana na ahoana, ary hiraikitra aminy. Marina tokoa izany. Ary ianareo vehivavy dia hanao an'ilay zavatra iray ihany amin'ny vadinareo. Marina izany.

354 Matetika ireo vehivavy dia lasa eo amin'ny toerana, na . . .

355 Mahita Jezebela kely miloko tarehy tanteraka ny lehilahy, fantatrareo, ary—ary handeha eo ianareo, lavo aminy; angamba manana vady vavy tsara iray. Nefa avy eo dia miantso ny tenanareo ho Kristiana iray ianareo. Mbà menatra ianareo. Mila daozy hafa iray eo amin'ny alitara ianareo. Marina izany.

356 Ary ny sasany aminareo—ary ny sasany aminareo vehivavy dia mitoditodika amin'ny zalahy ratsy kely iray miaraka amin'ny volony malama, feno Vazelina eo amboniny mba . . . hanokatra ny vavany. Ary avy eo ianareo . . .

357 Zazavavy kely antitra iray, teto vao tsy ela akory izay . . . Tsy kivazivazy iray ity, satria tsy fanahy iniana no hitenenako azy toy ny vazivazy iray. Saingy ny olona dia mahafantatra fa tsy toerana iray hivazivaziana ity. Fa zazavavy kely antitra iray teto, izy . . . Nisy zazalahy tsara teo, zazalahy Kristiana. Taloha ela be, fony aho nitandrina teto, dia nanana kilasin'ny lehilahy tanora izahay taloha. Ary niresaka tamin'ireo vehivavy tanora aho ny Alahady tolakandro, mikasika ny fananahana sy ny sisa. Avy eo ny Alahady tolakandro nanaraka, dia niresaka tamin'ireo lehilahy tanora, ary niezaka ny hanao an'ireo zavatra ireo ho voafehy.

358 Nanomboka nandeha niaraka tamin'ny ratsy bika antitra kely iray ny zazavavy antitra kely iray, teto an-tanàn-dehibe teto, nifoka sigara ary tavoahangy fisaka iray tao am-paosiny. Ary namily fiara kely tsy misy tafo iray izy nanodidina ny tanàna. Tsy afaka nahita an'izay hitany tao amin'io zazalahy io aho. Tsy te-handeha tao am-piangonana izy. Nipetraka teo ivelany teo izy. Nametraka azy teto amin'ny fiangonana teto, ary avy eo dia nipetraka teo ivelany teo, tao anatin'ny fiarany, ary niandry, tsy te-hiditra tao am-piangonana. Nilaza taminy aho indray andro. Nipetraka tany New Albany izy. Hoy aho hoe, “Te-hanontany zavatra aminao aho, ry tovovavy. Inona marina no hitanao ao amin'io zazalahy io?” Hoy aho hoe, “Voalohany, dia halany ilay tena fivavahana izay ianao—anananao. Manao tsinontsinona ny Kristiana izy. Tsy ho vady iray mihitsy izy ho anao. Hanao anao ho ory izy, amin'ny fiainanao rehetra.” Dia hoy aho hoe, “Eny, misy zazalahy kely Kristiana tsara eto izay azonao iarahana. Ary eo ny dadanao sy ny reninao mijaly amin'ny fieritreretana anao mivoaka, saingy mivoaka ianao na ahoana na ahoana, ka mieritreritra ianao hoe, ‘Efa tena enina ambin'ny folo taona aho.’”

359 Nanomboka nanao lokon-tarehy izy ary nivoaka, ary ny zavatra voalohany, dia tany amin'ny trano fandihizana amin'ny alina izy. Lasa any amin'ny Mandrakizay izy ankehitriny. Fa, tamin'izany fotoana izany, dia nitsangana teto izy. Ary fantatrarao ve ny fialan-tsiny navalin'io zazavavy io ahy teo, izay tia an'io zazalahy io? Hoy izy hoe, “Manana tongotra kely mahafatifaty izy, ary tena manitra tsara.” Azonareo eritreretina ve izany? Manamanitra ny tenany, sarimbavy iray izany, fa tsy lehilahy.

360 “Jereo,” hoy aho, “ranabavy, aleoko mandeha miaraka amin'ny zazalahy Kristiana iray izay nanana tongotra tahaka ny vagao mpitondra vatokely ary mamofona tahaka ny jaboady

iray, raha tena Kristiana tanteraka tokoa izy.” Marina izany. Marina. Hia.

<sup>361</sup> Fialan-tsiny izany, “Tongotra kely mahafatifaty, ary manitra tsara.” Ny mpanenjika trano fandihizana amin’ny alina, tamin’ny farany no namotika ny fiainan’ilay zazavavy. Henatra iray izany, fahafaham-baraka.

<sup>362</sup> Mendri-kaja ny fanambadiana, saingy tokony hidirana ambavaka sy am-panajana izany. Ary ny fitiavana tena izy ho an’io vehivavy io no hamatotra anareo miaraka mandrakizay. “Izay fatoranareo ety an-tany, dia ho Fatorako any An-danitra.” Rehefa mandeha eny amin’ny lalambe ianareo any, mety miha-antitra izy ary fotsy volo sy mikentrona, saingy ilay fitiavana iray ihany izay nitiavanareo azy fony izy vehivavy tanora iray, tsara tarehy, dia mbola hanananareo foana izany.

<sup>363</sup> Mety ho lasa milatsa-tsoroka ianareo, sola loha, ary mikentron-tarehy sy ny sisa hafa, saingy ho tia anareo tahaka anareo taloha mihitsy izy fony ianareo nijoro niaraka tamin’ny soroka nivelatra ary olioly volo, raha tena Andriamanitra izany. Satria mijery an’ilay fotoana izay hiampitanareo an’ilay renirano any ianareo, rehefa hivoaka indray ianareo, ho lehilahy sy vehivavy tanora indray, mba hiara-belona mandrakizay. Izy no fampanantenana Mandrakizay an’Andriamanitra. Izy no nilaza fa Hataony izany. Izy, tsy izany ihany, ho tonga eo amin’izany isika afaka iray minitra, nianiana Izy fa Hataony izany.

<sup>364</sup> Henoy ity, raha manohy isika.

*Izay natao, . . . araka ny lalàn’ny . . . didy aranofo, fa araka ny herin’ny . . . fiainana tsy manampahataperana.*

<sup>365</sup> Ankehitriny dia hamaky haingana isika, mba ahafahantsika ho tonga eo amin’izany.

*Fa izy dia nanambara hoe, Ianao no mpisorona mandrakizay araka ny fanaon’i Melkizedeka.*

Raha mbola hisy mpisorona iray ilaina foana, dia Izy no ho Mpisorona iray.

*Fa misy tokoa ny fahafoanan’ny didy nialoha . . . ny fahalemen’ny tsi-fanasoavan’izany.*

*Fa ny lalàna dia tsy nahatanteraka na inona na inona, . . .*

<sup>366</sup> Tsy afaka ianareo, tsy mampaninona izay ataonareo. Mijanona tsy misotro ianareo, mijanona tsy mifoka, mijanona tsy miteny lainga, mandeha any am-piangonana ary miezaka manao an’ity sy miezaka manao an’itsy, mbola ara-nofo foana ianareo. Lalàna fotsiny izany. Tsy mahatanteraka na inona na inona ny lalàna. Fa inona no mahatanteraka? Kristy. Voninahitra! Mety mijanona tsy mandainga aho, mijanona tsy mangalatra,

mijanona tsy mijangajanga, mijanona tsy mihinam-paraky, mijanona amin'ny zavatra rehetra, fa mbola ara-nofa foana aho. Tsy mandray an'izany Andriamanitra, satria tsy manana na inona na inona atolotra Azy aho ho fanaovam-panavotana.

<sup>367</sup> Fa amin'ilay minitra izay ametrahako ny tãnako eo amin'ny loha voatahy an'ny Tompo Jesosy, ka manao hoe, "Tompo, tsy tsara aho. Handray ahy ho Mpanomponao ve Ianao?" ary manoroka ny fahotako hiala Andriamanitra, dia mitsangana tanteraka aho eo imason'Andriamanitra. Marina izany. Nahoana? Tsy mitsangana eo amin'ny fahamendrehako manokana aho. Mitsangana eo amin'ny Azy aho. Ary Izy no nahatanteraka antsika, tamin'ny alàlan'ny Fijaliany sy Ny Ràny.

<sup>368</sup> Hitako fa izao no ora hamaranana. Saingy te-hamarana ny famakiana an'ity aho raha vitako, haingana.

*. . . nialoha satria ny fahalemena dia tsi-fanasoavany an'izany.*

*Fa tsy nahatanteraka na inona na inona ny lalàna, fa misy kosa ny fampidirana ny fanantenana tsaratsara kokoa; (Inona ilay fanantenana tsaratsara kokoa? Kristy.) izay anatonantsika an'Andriamanitra.*

<sup>369</sup> Nahoana? Tamin'ireo fahatsarantsika rehetra, sy ny fahatsarantsika rehetra, ary ny fahatsarantsika rehetra, dia mbola ara-nofa foana isika. Fa vantany vao ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, manaiky fa tsy afaka hitsangana eo mihitsy isika, afa-tsy amin'ny alàlan'ny fahamendrehan'i Jesosy Kristy irery ihany, amin'izay fotoana izay dia manatona an'Andriamanitra isika, amin'ny alàlan'ny fahamendrehan'Ny Zanany. "Tompo, manatona Anao aho, miaraka amin'ny fo iray tsy manan-tsiny. Amin'ny Anaran'i Jesosy Ilay Zanakao, raiso aho azafady." Oh, rahalahy, tonga amin'ny alàlan'ny lalana velona iray ianareo amin'izay fotoana izay.

<sup>370</sup> Tsy hoe, "Tompo, Fantatrao fa nijanona tsy nisotro aho. Fantatrao fa nitondra tsara ny vadiko aho. Fantatrao fa izaho nanao an'ity. Izaho nanao an'itsy." Tsy manana na inona na inona atolotra ianareo.

<sup>371</sup> "Fa ny lalàn'ny didy ara-nofa dia tsy afaka nanao na inona na inona, fa misy kosa ny fampidirana fanantenana hafa iray. Io fanantenana io izay Kristy, no ananantsika toy ny vatofantsiky ny aina, mafy ary azo antoka." Diniho.

*Ary raha tsy tamin'ny fianianana iray izy. . .*

Mpisolo anarana, raha hahamarika ianareo eto, dia litera sora-mandry.

*. . . izy no natao mpisorona:*

Tsy mpisorona iray fotsiny, fa Izy dia natao Mpisorona tamin'ny fianianana iray. Tsy. . .



372 Diniho ankehitriny. Ndao isika hijery ny sisa amin'ilay asam-pisoronana.

*(Fa ireo mpisorona ireo, ireo Levita, lehilahy marina, mahitsy, mahitsy fo, ireo mpisorona ireo dia natao tsy tamin'ny fianianana iray; . . .)*

373 Nilaza fotsiny Andriamanitra hoe, “Araka ny fanaon'i—araka ny fanaon'i Arona, no Nanaovany an'ireo mpisorona ireo.” Nifandimby nanerana ny taranaka izy ireo. Mandeha any an-tsekoly izy ireo ary mianatra mba ho mpitory teny sy ny sisa. Nifandimby izy ireo. Noho izany dia tahaka an'izany no nanaovan'Andriamanitra an'ireo mpisorona ireo. Nanao ny tenany ho mpisorona izy ireo, tamin'ny alàlan'ny fianarany, tamin'ny alàlan'ny lovany, sy ny sisa. “Fa ity Lehilahy ity dia natao ho Mpisorona iray tamin'ny alàlan'ny fianianana iray izay nataon'Andriamanitra.” Henoy tsara ankehitriny.

*. . . dia natao tsy tamin'ny fianianana iray; fa ity dia tamin'ny fianianana iray tamin'izay nilaza taminy hoe, Ny Tompo no efa nianiana ka tsy hanenina hoe, amena, Ianao no mpisorona mandrakizay araka ny fanaon'i Melkizedeka:)*

*Tahaka an'izany koa no nanaovana an'i Jesosy ho fiantohana iray an'ny fanekena tsaratsara kokoa.*

Ankehitriny, haingana mihitsy.

*Ary nisy maro marina tokoa ireo mpisorona, satria tsy naharitra nanohy izy ireo nohon'ny anton'ny fahafatesana:*

An'arivony sy an'arivony sy an'arivony, amin'ireo mpisorona, satria tsy nanana afa-tsy fahafatesana fotsiny izy ireo sy fahafatesana sy fahalemena, ary fahafatesana sy fahafatesana ary fahafatesana.

374 Fa diniho Izy.

*Fa ity lehilahy ity, (Lehilahy iza?) Jesosy, satria nitohy tsy ankitsahatra mandrakizay izy, dia nanana asam-pisoronana tsy dimbiasana. Ho an'izany . . .*

*Noho izany izy dia afaka mamonjy azy ireo hatramin'ny farany ihany koa; tsy mampaninona na lavitra toy ny ahoana aza, ambany toy ny ahoana aza, lavitra toy ny ahoana aza, Izy dia afaka hamonjy hatramin'ny farany; an'izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alàlany, . . .*

Tsy hoe miaraka . . . eo amin'ny fahamarinanareo; fa eo amin'ny fiaikenareo. Hitanareo?

*. . . izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alàlany, satria velona mandrakizay izy mba hanao fanelanelanana ho azy ireo.*

Eo mihitsy Izy, tsy ankitsahatra, manao fanelanelanana.

*Fa mpisoronabe iray tahaka an'izany no mendrika ho antsika, izay masina, tsy misy tsiny, tsy misy loto, voasarakà amin'ny mpanota, ary natao mpisoronabe iray any an-danitra;*

<sup>375</sup> Izy ilay izy. Ankehitriny, raha manandrana haneho ny raharahako manokana aho, dia hahavery an'izany. Raha manandrana maneho aho, manao hoe, “Eny, ny raiko dia lehilahy tsara iray. Ny dadako dia mpitory teny iray. Eny, efa niaina tao amin'ny fiangonana aho.” Mbola mahavery azy foana aho. Fa ity Lehilahy ity dia Anankiray tanteraka, Kristy. Mipetraka eo Izy ary manolotra Ny Ràny tsy ankitsahatra ho an'ny fahotako. Eo ianareo izao.

*Izy tsy mila isan'andro, tahaka an'ireo . . . mpisorona, hanolotra fanatitra, voalohany nohon'ny fahotany manokana, ary avy eo nohon'ny an'ny olona: fa ity dia nataony indray mandeha, rehefa nanolotra ny tenany izy.*

<sup>376</sup> Ankehitriny dia diniho ilay andininy farany.

*Fa ny lalàna dia manendry olona ho mpisoronabe izay manana fahalemena; . . .*

<sup>377</sup> Izany ny lalàna, ilay lalàna ara-nofo, no ataony. Ankehitriny, maniry aho mba ahafahako manana eo amin'ny adiny roa eto mihitsy. Mbola tahaka an'izany foana no anendren'ny lalàna olona ho mpitory teny. Marina izany.

<sup>378</sup> Nahoana, hoy izy ireo hoe, “Eny, ity lehilahy ity dia manana fahatsapan'ny seminera iray.” Tsy hivarotra ny fahatsapan'ny Lanitra tranainy keliko amin'ny seminera rehetra eto amin'izao tontolo izao aho.

<sup>379</sup> “Nahoana, izahay no nampianatra an'ity lehilahy ity. Izy dia—izy dia notsongaina. Izy dia lehilahy nahavita tena.” Tsy tia an'izany karazana izany aho. Tiako ny lehilahy iray vitan'Andriamanitra. Hitanareo? Hitanareo?

<sup>380</sup> Fa mbola manao mpisorona foana ny lalàna. Mbola manao mpitory teny foana ny lalàna. Ny—ny fiangonana Batista, mamoaika mpitory teny izy ireo; eran'ny tãnana amin'izy ireny, manana milina iray izay manodina azy ireny. Manana azy ireny ireo Metodista. Manana azy ireny ireo Batista. Ireo Presbyterana, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, Pentekotista, manodina azy ireny haingana arak'izay vitany izy ireo, tahaka ny rafitra goavana iray, milina goavana. Mitsangana eo tahaka ny . . .

<sup>381</sup> Nilaza foana aho hoe, “Izaho—malahelo ny akohokely iray ao anatin'ny fitaovam-pikotrehana tokoa aho.” Fantatrareo, ny akohokely iray izay foy eo ambanin'ny fitaovam-pikotrehana iray, dia tsy foy ara-dalana izy. Tsia. Ny akohovavy no natao

hafoy ny ankehokely. Fa ny fitaovam-pikotrehana akohokely iray, rehefa mivoaka izy, izy “kioo, kioo, kioo,” fa tsy manana mama handehanana izy. Hitanareo? Tsy fantany hoe inona ny mama iray. Marina izany. Mikohokoho ho an’ny anankiray izy, saingy tsy manana.

<sup>382</sup> Fa ny akohokely izay foy eo ambanin’ny akohovavy, ilay fomba ara-boajanahary, dia mikohokoho izy ary mamaly ny mamany. Marina izany.

<sup>383</sup> Ary matetika aho dia mieritreritra ny amin’io fahatsapan’ny seminera eto io izay mivoaka avy ao ambanin’ireo fitaovam-pikotrehana goavana ao Louisville ireo sy manerana an’izao tontolo izao, mafoy mpitory teny an’arivony. Fitaovam-pikotrehana Pentekotista, sy fitaovam-pikotrehana Presbyterana, ary—ary fitaovam-pikotrehana Batista, izy rehetra dia mafoy ny—ny—ny akohokeliny. Izy ireo, “kioo, kioo, kioo,” ary miresaka mikasika an’ily fitaovam-pikotrehana izay nafoy azy ireo.

<sup>384</sup> Fa tiako ny hanana Ray iray, Reny iray. Isaorana anie ny Anaran’ny Tompo! Tsy tena betsaka no teraka niaraka tamiko, saingy rahalahiko izy ireo. Amena. Manana Reny iray izay mamaly isika rehefa ianareo. . . . Reny iray Izay any An-danitra, Izay Renintsika rehetra. “Tahaka ny akohovavy manomba ny zanany, sy mikoho azy ireo, ary—ary manakotrika ny. . . manomba ny akohokeliny, dia toy izany koa no Anombako anareo. Oh, ry Jerosalema, ry Jerosalema, impiry moa Aho no te-handray anao tahaka ny anomban’ny akohovavy ny zanany! Impiry moa Aho no te-hanao anao ho Ahy, nefa tsy nety ianao. Nanana an’ireo semineranao manokana ianao, nafoy an’ireo pretranao. Nampianatra anao hanohitra Ahy izy ireo. Ankehitriny dia tavela ao amin’ny anao manokana ianao. Mipetraka eo alohanao ny fandravàna anao.”

<sup>385</sup> Ankehitriny dia izao no lazaiko. Oh, ry olona! Oh, ry olona, impiry moa ny Fanahy Masina no te-hanomba anareo, tahaka ny anomban’ny akohovavy ny zanany! Fa ny làlanareo manokana no tianareo. Hanana ny làlanareo manokana ianareo mikasika an’Izany.

<sup>386</sup> Amin’ny iray amin’ireo hariva dia tiako ny hitory eo amin’ny hoe, “Ny làlanareo manokana.” Fantatrareo, nila ny làlany manokana i Kaina. Mila ny làlany manokana ny olona, amin’izao andro izao. “Fa misy làlana izay toy ny mahitsy, nefa fahafatesana no iafarany.”

<sup>387</sup> Diniho ankehitriny. “Ao amin’izany dia hoy Izy hoe, ‘Vaovao iray—fanekena vaovao iray. . . .’” Mino aho, ankehitriny izany. . . . Tsia. Teo amin’ny toerana diso aho.

<sup>388</sup> Andininy faha-28.

*Fa ny làlana dia manendry olona ho mpisoronabe izay manana fahalemena; fa ny tenin’ny fianianana kosa,*

*izay tato aorian'ny lalàna, dia manendry Zanaka, izay nitohy ho mandrakizay.*

<sup>389</sup> Isaorana mandrakizay anie Andriamanitra, ny amin'ny Zanaka iray izay mitohy mandrakizay araka ny fanaon'i Melkizedeka. Ary tsy nanana fiandohana iray mihitsy Izy. Tsy nanana fiafarana iray mihitsy Izy. Ary ny lalàna dia tsy afaka mamokatra na inona na inona tahaka an'izany, satria aranofo izy. Ny fiangonana dia tsy afaka mamokatra na inona na inona tahaka an'izany, ireo anaram-piangonana, satria aranofo izy ireo. Ireo—ireo semina dia tsy afaka mamokatra na inona na inona tahaka an'izany mihitsy. Niezaka izy ireo ny hampianatra an'izao tontolo izao ho amin'Izany. Niezaka izy ireo ny handrafitra azy ho amin'Izany. Niezaka tamin'ny fomba rehetra eto amin'izao tontolo izao izy ireo, mba hanao ny zavatra rehetra izay vitan'izy ireo, saingy namela an'ilay zava-dehibe hoe: “Tsy maintsy hateraka ao amin'Izany ianareo.” Andriamanitra no manao anareo amin'izay maha-izy anareo, izany tokoa, tsy satria hoe nijanona tsy nanao an'ity ianareo.

<sup>390</sup> Ankehitriny, ireo Nazareana, tsy tokony hanao peratra ianareo, tsy mahazo manao famantaranandro ianareo, ary tokony hanao zavatra *izao-sy-izao* ianareo, ny sandrinareo dia tokony ho *izao* ny halavany, ny tàmnan'akanjonareo, ny ziponareo dia tokony ho *izao* ny halavany, ary ireo—ary ireo lehilahy dia tsy mahazo mikambana amin'ny klioba. Ary tsy hanao batisa anareo izy ireo raha tsy manao ianareo. Eny àry. Indro tonga ny Katolika, ary manana ny azy izy ireo. Ary indro tonga ireo Metodista, manana ny azy izy ireo. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia manana hazo fandrefesana iray handrefesana. Raha tsy tratranareo ilay izy, mety tsara, izay ihany. Hitanareo?

<sup>391</sup> Ary noho izany, fa ilay tena zavatra dia, dia ity, “Tsy mitondra na inona na inona eo an-tsandriko aho! Eo amin'ny Hazo fijalianao fotsiny no ifikirako. O Andriamanitra, nitanjaka, voalefona, mila famonjena. Oh, manatona ampanetre-tena indrindra aho, Kristy, miaiky fa tsinontsinona aho ary tsy misy na inona na inona ato amiko. Raiso aho, O Andriamanitra.” Amin'izay fotoana izay dia mandray anareo Andriamanitra.

<sup>392</sup> Ankehitriny, mety tsy mahafantatra akory ny ABD-nareo akory aza ianareo. Mety tsy mahay manavaka ny kafe amin'ny pitipoa voatoto ianareo. Mety mahafantatra ianareo, tsy mahay manavaka ny hia sy hoa, ny tàmna havanana amin'ny havia. Tsy manao fahasamihafana amin'izay *tsy* fantatrareo izany. Zavatra anankiray no tsy *maintsy* fantatrareo, hoe, Jesosy Kristy no naka ny toeranareo amin'ny maha-mpanota iray. Ka raiso ny toeranareo, mba hijoro ao amin'ny Fahamarinany, miaiky isan'andro fa diso ianareo, ary tia Azy amin'ny fonareo rehetra, ary ny antonareo manontolo dia aoka hitodika mankany Aminy, dia ho tonga any An-danitra ianareo. Izay ihany ny amin'izany,

satria ny Fiainana izay tao amin'i Kristy no tokony ho ao aminareo, raha tsy izany dia very ianareo.

393 Alohan'ny hamaranana mihitsy, dia tsaroanareo ve ilay fanekena tsy nisy fepetra izay nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama? Inona no Nataony tamin'io hariva io rehefa hoy Andriamanitra hoe, "Avelao aho hahita..." Rehefa hoy i Abrahama hoe, "Avelao aho hahita hoe ahoana no Hanaovanao an'izany." Toko faha-16, heveriko fa izay ilay izy, an'ny Genesisy. "Avelao aho hahita hoe ahoana no Hanaovanao azy."

394 Hoy Izy, "Avia eto, ry Abrahama." Ary nitondra an'i Abrahama Izy, nanao hoe, "Mandehana maka ho Ahy o—ondrilahy iray, ary mandehana maka ho Ahy o—o—osilahy iray, ary mandehana maka ho Ahy ombivavy iray. Ary Tiako ianao hitondra azy ireny eto ka hanao fanatitra iray."

395 Dia lasa i Abrahama ary nitondra an'ilay ondry, sy ilay—sy ilay osilahy, ary ilay—ilay—ilay zanak'ondry, na, ilay ombivavy. Dia novonoiny izy ireo. Fanatitra madio izy rehetra ireo. Dia nosasahany roa izy ireo, ary napetrany teo. Avy eo dia lasa izy ary naka domohina roa, ka nanampy azy ireo teo. Avy eo dia nandroaka an'ireo vorona niala tamin'izy ireo i Abrahama, niandry an'Andriamanitra ho tonga. "Ankehitriny, Tompo, io ilay fanatitra, ahoana no Hanaovanao an'io? Tsy fantatro hoe ahoana no Hamonjenao ny olona hanohitra ny sitrapony manokana. Tsy fantatro hoe ahoana no Hanaovanao an'io. Ahoana no Ahafahanao manao an'izany, Tompo?"

396 Hoy ny Tompo hoe, "Diniho ankehitriny, ry Abrahama. Mpaminany iray ianao. Ara-panahy ianao, ary ho azonao izay Resahako."

397 "Eny àry, Tompo, te-hahita aho." Ankehitriny manao tantara an-tsehatra fotsiny aho.

398 "Noho izany, ry Abrahama, avia ianao eto ankehitriny, ary mipetraha eto ka roahy ireo vorona ireo." Noho izany dia noroahiny ireo vorona rehetra, mandra-panomboky ny masoandro hilentika.

399 Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, nidina Andriamanitra. Rehefa nidina Izy, dia nanomboka resin-tory i Abrahama. Hoy Andriamanitra hoe, "Abrahama, hampatory anao Aho."

400 Henoy ankehitriny, ry sakaiza mpanaraka lalàna. Hitanareo, nesorin'Andriamanitra niala tamin'ilay sary tanteraka i Abrahama, tsy nisy nidirany tamin'izany mihitsy. Ary izany no fomba Ataony aminareo. Hoy ianareo hoe, "Oh, nitady an'Andriamanitra aho." Tsy ianareo no nitady.

401 Andriamanitra no nitady anareo hoe, "Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha." Hitanareo?

402 Andriamanitra no mitady anareo, fa tsy ianareo no mitady an'Andriamanitra. Tsy ianareo mihitsy no nanao an'ilay izy. Ratsy ny natioranareo. Kisoa iray ianareo. Tsy mahafantatra hafa ianareo. Miaina ao anatin'ny tranon-kisoa iray fotsiny ianareo. Izay ihany no fantatrareo. Tianareo izany. Misotro labiera, mihosonsona manerana, mandeha miaraka amin'ny vadin'ilay lehilahy eo akaiky, ary manao ny zavatra rehetra izay azonareo atao izay ratsy, toy ny hoe tsara mihitsy. "Oh, rahalahy, manana fotoana goavana iray izahay!" Mihevitra ianareo fa tsara ilay izy.

403 Fa mandondòna eo amin'ny fonareo Andriamanitra. [Mandondòna eo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Izany no manova. Tsy ianareo no mandondòna eo amin'Andriamanitra; Andriamanitra no mandondòna eo aminareo. Tsy i Adama mihitsy no nandondòna teo amin'ny fon'Andriamanitra; Andriamanitra no nandondòna teo amin'ny fon'i Adama. Ary zanak'i Adama ianareo. Marina izany. Talohan'ny nahafahan'i Adama ho zanak'Andriamanitra, indray, dia tsy maintsy nandondòna teo amin'ny fony Andriamanitra. Alohan'ny ahafahanareo ho lasa zanak'Andriamanitra, dia tsy maintsy mandondòna eo amin'ny fonareo Andriamanitra.

404 Noho izany, dia natory i Abrahama. Ary rehefa natory izy, dia inona ilay zavatra voalohany hitany? Aizina tena mahatsiravina, mampivarahontsana, mahatahotra, iray. Izany no fahafatesana, izay tonga eo amin'ny taranak'olombelona manontolo. Avy eo dia nijery lavidavitra kely avy teo izy, ka nahita lafaoro iray midona-tsetroka. Alohan'ny ahafahanareo nahazo setroka, dia tsy maintsy manana afo ianareo. Izany no antony inoako ny helo ho toerana mirehitra iray. Eny àry.

405 Nasehony, fa ny tsirairay avy amintsika dia eo ambany saokan'ny fahafatesana, ary ny tsirairay avy amintsika dia tsy maintsy mandeha any amin'ny helo, satria mpanota isika.

406 Ankehitriny, fa, ankoatran'io, dia nahita Hazavana kely, fotsy izy.

407 Ary io Hazavana kely, fotsy io, inona ilay Hazavana? Inona io Hazavana fotsy io? Ilay Andry Afo izay nandeha teo alohan'ny zanak'Isiraely. Ilay Andry Afo izay nihaona tamin'i Paoly teny amin'ny lalana nankany Damaskosy. Ilay Andry Afo izay namoaka an'i Petera tao an-tranomaizina. Ilay Andry Afo izay eto izao hariva izao.

408 Ilay Andriamanitra Mandrakizay, [Eternal,] mandrakizay, [everlasting,] Izy Tenany no nandeha teo anelanelan'ireo fanatitra voasasaka ireo, (oh, oadray), nandroso sy niverina teo amin'ny tsirairay avy. "Izao no Hataoko, ry Abrahama. Diniho Aho, izay Hataoko. Hanao fanekena iray Aho eto. Ary hanao fianianana iray Aho, hoe, arak'ilay Taranaka, fa

hanangana Mpanelanelana iray Aho. Hanao fanekena iray amin'ny fahafatesana Aho. Ary hanozona ny fahafatesana Aho, ao amin'ny nofo, satria ny Tenako mihitsy no Haka an'izany. Abrahama,” hoy Izy, “amin'ny alàlan'ny Taranakao, ry Abrahama, no hahatongavany, ianao no ho rain'izao tontolo izao, amin'ny alàlan'ny Taranakao. Ary tsy ianao irery ihany, no Anaovako an'ity teny fikasana ity aminao, fa ny Taranakao mandimby anao.” Fantany fa ho eo ny tsirairay avy. “Tsy ireo; fa izay Ataoko. Izaho no hanao an'izany, ry Abrahama. Nahatoky an'i Adama Aho, fa notapahany ny azy. Ary ny tsirairay avy dia manapaka ny azy. Fa hanao an'ity amin'ny Tenako Aho, ary hianiana amin'ny Tenako hoe, ‘Hihazona an'Izany Aho.’” Amena. Amena. Amena.

409 Inona no ataontsika, rehefa manao fanekena iray isika? Hoy aho hoe, “Rahalahy Neville...” Diniho ity ankehitriny, iray minitra fotsiny. Hoy aho hoe, “Rahalahy Neville, teneniko aminao izay hataoko. Raha hitory teny ianao hatramin'ny... rahampitso hariva, ary ny hariva manaraka, hatramin'ny Alarobia, dia izaho no hitory, manomboka ny Alarobia, hatramin'ny Alahady.” [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] “Hanao an'izany fanekena izany ianao?”

410 “Eny, tompoko.”

411 Ity no fomba anaovanay an'ilay izy. “Raiso ny tànako, ry tovolahy.” [Mifandray tànana Rahalahy Branham sy Rahalahy Neville—Mpand.] Izay ilay izy. Izany no fanekena iray eto Amerika. Tahaka an'izany no anaovantsika fanekena iray.

412 Ankehitriny, ahoana no anaovan'izy ireo fanekena iray any Japon? Isika dia manao, atao hoe, “Ianao manao an'izao-sy-izao, ary izaho hanao an'izao-sy-izao.” Maka sira kely indray mitsongo isika, satria tsiro iray ny sira. Dia maka sira izahay, ary manipy azy eo amin-dRahalahy Neville aho, ary Rahalahy Neville maka sira—sira ary manipy azy eo amiko. Izany no fanekena mamatotra iray.

413 Ahoana no nanaovan'i David Livingstone fanekena iray tamin'ireo mainty hoditra Afrikana, mba hidirana ao amin'ny fireneny? Nandeha izy ary nitady an'ilay lehibe, mba ahafahany nandalo teo, mba hitory ny Filazantsara sy hanao an'ilay asa. Dia naka veran-divay izy ireo. Ity ilay fanekena amin'ireo mainty hoditra any Afrika. Nanana veran-divay izy ireo. Dia nanindrona ny làlan-dràny manokana ilay lehiben'ny mainty hoditra, ary nandatsaka an'ilay rà tao anatin'io veran-divay io. Dia nanindrona ny làlan-dràny manokana i David Livingstone, ary nandatsaka an'ilay rà tao anatin'ilay veran-divay. Nafangaroharon'izy ireo izany. Livingstone nisotro ny antsasany, ary ilay lehiben'ny mainty hoditra nisotro ny antsasany. Avy eo izy ireo dia nanolotra fanomezana, ny iray

tamin'ilay iray hafa. Tamin'ilay lehiben'ny mainty hoditra, dia hoy i David Livingstone hoe, "Inona no takianaon'ny amiko?"

414 Hoy izy hoe, "Io palitao fotsy anaovanao io." Noho izany dia nesorin'i Livingstone ny palitaoony ka nomeny an'ilay lehiben'ny mainty hoditra izany. Hoy izy hoe, "Inona no takianaon'ny amiko?"

415 Hoy izy hoe, "Iny lefona masina izay anananao eny an-tànanao iny." Satria, fantany fa afaka hiditra miaraka amin'io izy, noho izany dia nalainy io lefona io. Ary mpirahalaha izy ireo, satria nanao fanekena iray.

416 Ary rehefa nandroso izy, ka nihazakazaka hamono azy ireo foko, dia natsangany ilay lefona masina. Ary rehefa nanangana izy, dia nijery izy ireo ka hoy izy ireo hoe, "Oh, oh, tsy mahazo mikasika an'io lehilahy io isika." Nahoana? "Rahalahy amin'ny fanekena izy, na dia fotsy aza izy, tsy mbola nahita azy mihitsy isika tany aloha." Tsy fantatr'izy ireo mihitsy fa mainty izy ireo raha tsy efa nahita azy. Tsy mbola nahita tahaka an'izany mihitsy izy ireo tany aloha. "Fa rahalahy amin'ny fanekena izy. Manana ny lefon'ny lehibe izy eny an-tànany."

417 Sary iray tsara tarehy toy ny inona, androany, amin'ny fisotroana ny faneken'ny Ràn'ny Tompo Jesosy, miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina eo amintsika! Mandroso amin'ny Anaran'i Jesosy isika, ary ireo famantarana ireo no hanaraka an'ireo mikambana. Izany no Lefona masin'ilay Lehibe. Hitanareo ve hoe ahoana ilay izy, ilay fanekena?

418 Ahoana no nanaovan'izy ireo an'izany tamin'ny andron'ny tatsinanana? Nanao fianianana iray izy ireo, ny iray tamin'ny iray hafa. Namono biby iray izy ireo, nosasahany nisokatra izany, ary nijoro avy hatrany teo anelanelana. Ireo—ireo lehilahy roa no nijoro teo anelanelan'izany, ilay biby voasasaka. Ary nanoratra fanekena iray izy ireo. "Raha diso amin'ny fihazonana an'ity aho, raha diso amin'ny fanaovana an'ity aho, nahoana, *ity sy izao-sy-izao*, dia aoka ny vatako hitovy amin'ity biby maty ity. Aoka ny vatako hitovy amin'ity biby maty ity." Ary rehefa manao an'izany izy ireo, dia mitondra an'io fanekena io ary mijoro eo anelanelan'ity; manao fianianana iray, manao fianianana iray fa hataon'izy ireo izany. Ary rovin'izy ireo ilay taratasy, miaraka, mizara roa, ary omeny an'ilay lehilahy anankiray izany, ary ilay iray hafa manaraka. Ary hihaona izy ireo amin'ny fotoana anankiray. Ary aoka ho faty amin'ny fahafatesana izy ireo, raha diso amin'ny fihazonana an'io fianianana io; ary aoka hitovy amin'ireo biby maty ireo. Eny àry.

419 Voamarikareo ve ireo biby telo? Ilay tanteraka; ilay zanak'ondry, osilahy, ary ilay fanatitra telo tanteraka. Inona ilay zanak'ondry. . . Inona ilay domohina? Ary inona no dikan'ireo domohina roa? Ireo domohina roa dia natao fanatitra ho an'ny famonjena sy fanasitranana, ao amin'ny—ao amin'ny. . . izay niditra tao amin'izany. Hitanareo? Ny fanaovam-panavotana



no natao samihafa, fa ny fanasitranana dia nitohy nitovy, ary mitohy mitovy toy izany koa ny famonjena. Ireo domohina roa, tsy voazara, dia midika an'izay asehony, izy roa. Famonjena . . . “Tamin’ny Dian-kapony no nahasitranana antsika. Izy dia voalefona nohon’ny fahotantsika. Tamin’ny Dian-kapony no nahasitranana antsika.” Nipetraka teo amin’ny sisiny izy ireo, tsy voasaraka. Fa ilay fanekena, ny ampahan’ily biby (ny telo tamin’izy ireo) dia notapahina roa. Hitanareo? Tamin’izay fotoana izay rehefa nanao an’izany izy ireo, dia nandrovitra ary nanao an’ily faneken’izy ireo.

<sup>420</sup> Diniho izay notenenin’Andriamanitra tamin’i Abrahama. “Teo Kalvary, teo Kalvary, araka ny Taranakao. Avy taminao no nivoahan’i Isaka. Avy tamin’i Isaka no nivoahan’izao-sy-izao, Jakoba. Avy tamin’i Jakoba no nivoahan’i Josefa. Avy tamin’i Josefa, nidina, nidina, nidina, ireo mpandimby, hany ka, farany, dia tamin’ny alàlan’ily Taranaka marina!” Ny . . .

<sup>421</sup> Vao avy nilaza fotsiny Izy, eto, fa ny Tompontsika dia nivoaka avy tamin’ny firenena iray izay tsy fantatra. Tsy niresaka ny amin’izany mihitsy i Mosesy, hoe nivoaka avy tamin’ny asam-pisoronana iray. “Ny Tompontsika dia nivoaka avy tamin’ny fokon’i Joda.” Tsy avy tamin’i Levy, satria mpanaraka lalàna ara-nofo izy ireo. Fa ny Tompontsika dia nivoaka avy tamin’i Joda. Voninahitra! Eo ianareo izao. Teo no natao ilay teny fikasana!

<sup>422</sup> Henoy tsara ankehitriny, raha mamarana isika. Ary teo Kalvary, dia nidina Andriamanitra ary naka ny vatan’Ny Zanany Manokana, izay tao no Niainany, ary nandrovitra an’izany nisaraka teo Kalvary Izy. Nandeha rà Izy, voalefona, notapahina, ary nitsofoka tao ny lefona ary nandrovitra Azy nisaraka, ary nifantsintsitra Ny Ràny. Ary hoy Izy hoe, “Ray, eo an-Tànanao no Ametrahako Ny Fanahiko.” Nanondrika ny Lohany Izy. Dia nihozongozona ny tany, sy nitselatira ireo tselatra, ary nierona ny kotrokorana. Nanoratra ny Fanekeny mandrakizay Andriamanitra.

<sup>423</sup> Ary Nalainy avy tao am-pasana ny Vatany maty, tamin’ny voalohan’ny herinandro, ka nakariny tany An-danitra izany, ary napetrany teo ho Mpisoronabe, ho fahatsiarovana iray; mipetraka eo, tanteraka, mandrakizay. Ary nandefa ny Fanahy Izy izay Nendahiny avy tao amin’io vatana io, niverina avy hatrany tao amin’ily Fiangonana. Ary io Fiangonana io dia tokony hanana an’ily Fanahy iray ihany izay tao amin’io vatana io, raha tsy izany dia tsy hitovy amin’izany izy ao amin’ny fitsanganana. Tonga miaraka tanteraka ireo ampahany roa ireo. Ary raha io Fiangonana io no tsy mitovy tanteraka tokoa, marina tokoa amin’ily Fanahy izay tao amin’i Kristy, dia tsy handeha ho any amin’ny Fampakarana mihitsy ianareo.

<sup>424</sup> Izany ilay fanekena mandrakizay, rahalahy. Zahao izany, ny tenanareo, izay ao anatin'ny fonareo manokana. Tiavo ny Tompo. Aoka hahazo antoka marina tokoa fa voavonjy ianareo. Aza mitsapatsapa an'izany. Miloka ianareo. Oh, ianareo, isika vahoaka Amerikana, dia tia miloka, saingy aza miloka eo amin'Izany. Aoka hahazo antoka fa mahitsy ianareo. Tsy hoe satria nikambana tamin'ny fiangonana ianareo, fa satria nateraka indray marina tokoa ianareo, nanatona anareo Kristy, ao amin'ny Olon'ny Fanahy Masina.

<sup>425</sup> Ankehitriny, fanampiny fotsiny, ihany koa, raha mamarana mihitsy aho. Tokony ho sambatra toy ny ahoana isika, ny mahita an'ilay Fanahy iray ihany izay tao amin'i Jesosy Kristy, eto anivontsika mihitsy, manao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony fony Izy teto an-tany teto! Tokony ho sambatra toy ny ahoana isika!

Ndao isika hivavaka ankehitriny, raha manondrika ny lohantsika isika.

<sup>426</sup> Tompo, andro lehibe anankiray ilay izy. Na dia, tsapako aza fa izaho isan'andro dia tena, tsy mahomby aho. Tsy afaka maneho Azy marina aho, Tompo. Mivavaka aho mba Hamelanao ahy ny amin'ny fombako tsy ampy saina. Oh, miaiky ny fahotako eto Anatrehanao aho, ary mangataka famindrampo, mahafantatra fa misy Mpisoronabe lehibe iray mitsangana any eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra, any An-danitra, Izay tsy natao araka an'i Arona, araka ny lalàna sy momba ny lalàna sy ny sisa. Fa napetraka Any Izy nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra izay nijery nankany aloha, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ka nahita ahy teto ambany teto tao amin'izao tontolo izao, ary maty ho an'ny fahotako, mba hamerina ahy indray ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Misaotra Anao aho, Ray, ny amin'izany.

<sup>427</sup> Satria, io Fanahy izay manjaka ao amin'ny Vahoakanao io ankehitriny dia Mandrakizay tahaka an'Andriamanitra izay Mandrakizay. "Omeko azy ireo ny Fiainana Mandrakizay, [Eternal,] Fiainana maharitra, Fiainana mandrakizay, [everlasting,] ka tsy ho levona mihitsy izy ireo." Ary amin'ny Fitsarana, dia tsy ho ao mihitsy izy ireo. Efa nandalo fitsarana izy ireo. Efa niditra tao amin'ny Voninahitra izy ireo. "Fa raha ravàna ity tabernaklan'ny tany ity, dia manana anankiray isika izay efa miandry antsika any mba ho tonga." Misaotra Anao ny amin'izany, Tompo.

<sup>428</sup> Mivavaka aho ankehitriny, raha misy anankiray eto, izao hariva izao, izay tsy mbola nisotro mihitsy an'ilay tena Ràn'ny fanekena, izay tsy mahafantatra ny dikan'Izany, tsy mahafantatra ny dikan'ny hoe nateraka indray, manana tena fiombonana iray amin'i Kristy ao am-pon'izy ireo, na ao am-

pony, dia enga anie izy ireo handray Azy izao ankehitriny izao, raha miandry izahay ka manolotra an'izao fanararaotra izao. Ary amin'io Andro io, dia mivavaka izahay fa efa naneho ny Filazantsara tao amin'ny Hazavana marina izahay. Mivavaka izahay, amin'ny Anaran'i Kristy.

429 Raha mbola manondrika ny lohantsika isika, hisy olona iray ve hanangana ny tanaanareo amin'i Kristy, ka hanao hoe, “Kristin'Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Avelao aho, amin'ny maha-Mpanomponao tsy mendrika, handray ny Fanahy Masina ao am-poko ankehitriny. Ka omeo ahy ny antoka sy fitiavana izay tena ilaiko marina tokoa”? Raha tsy manana Azy ianareo, dia hanangana ny tanaanareo Aminy fotsiny ve ianareo, hanao hoe, “Tompo, izao no famantarana iray fa maniry Azy aho”? Hanangana ny tanaanareo ve ianareo? Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao eto, tompoko. Ho tahiana ianao eto, tompoko. Homba anareo anie Andriamanitra. Tsara izany. Ity lehilahy eto amin'ny farany eto ity, Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko. Ary olon-kafa iray, alohan'ny hamaranantsika mihitsy ankehitriny, miandry vetivety fotsiny. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, anaka. Olon-kafa iray?

430 “Maniry aho ankehitriny. Maniry aho, Tompo Andriamanitra. Fantatrao ny foko. Fantatrao izay ato an-tsaiko. Ianao, 'Ny Fanahin'Andriamanitra dia velona sy maranitra nohon'ny sabatra roa lela, ka manindrona mampisaraka ny tsoka amin'ny taolana mihitsy aza, ary Mpamantatra ny eritreritry ny fo.” Eritrereto Izany. Fantany ireo tena eritreritry ny fonareo, ny fikasanareo.

431 Hanangana ny tanaanareo ve ianareo? Manaova hoe, “Mamindrà fo amiko, Andriamanitra, izao ankehitriny izao. Izaho—tiako ho Fantatrao fa fantatro fa diso aho, ary fantatro izany, saingy te-hahitsy aho.” Eny àry, raha mbola mihazona ny lohantsika miondrika fotsiny isika, mivavaka ankehitriny, dia mieritrereta vetivety fotsiny. Tsy te-handeha haingana mikasika an'izany isika.

Ry Vatolampin'ireo Taona, novakiana ho ahy,  
Avelao aho hanafina ny tenako ao Aminao;  
Aoka ilay rano sy ilay Rà,  
Avy amin'ny Lanivohanao miboiboika . . .  
Ho an'ny fahotana ilay ana- . . .

Fitsaboana anankiroa! Nianiana tamin'izany Izy, zavatra roa tsy miovaova.

Mamonjy amin'ny fahatezerena ary manao ahy  
hadio.

Raha mbola misintona aho . . .

432 O Tompo, ekeo izao ankehitriny izao mba hahafantaranay rehetra fa ireo fofon'aina izay sintoninay dia mihafohy. Tsy

fantatray hoe mbola firy no anananay eo alohanay. Izany rehetra izany dia araka ny Hevitrao lehibe. Izany dia Ianao no mametra azy. Oh, mamindrà fo aminay. Ary ho an'ireo izay nanangana ny tånany, Tompo, tsy ilaina ny manonona azy ireo. Ianao no mahafantatra ny tsirairay avy amin'izy ireo. Fa manolotra fotsiny an'izao vavaky ny fanelanelanana izao ho azy ireo aho. Mivavaka aho mba Hanesoranao ny fanamelohana hiala ao am-pon'izy ireo, ka avelao izy ireo hanatona am-pahasahiana, izao ankehitriny izao, eo amin'ny Seza fiandrianana; handroso am-pahasahiana mahitsy mankeo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra, mitaky ny tombontsoany nomen'Andriamanitra. Ianao no nanao azy ireo hanangana ny tånany. Tsy afaka manao an'izany samirery izy ireo. Ka mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hanekenao an'izao amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

. . . ny tenako ao Aminao;

Ankehitriny, manompoa Azy fotsiny ankehitriny.

Aoka ilay rano sy . . . (Oh, oadray!)  
 Avy amin'ny Lanivohonao voalefona izay  
 niboiboika,  
 Ho fitsaboana anankiroa an'ny fahotana,  
 Mamonjy amin'ny fahatezerana ary manao ahy  
 hadio.

<sup>433</sup> Firy no mahatsapa ho tena tsara ankehitriny? Atsangano ny tånanareo, manaova hoe, “Deraina ny Tompo!” [Hoy ny fiangonana hoe, “Deraina ny Tompo!”—Mpand.] Oh, mahafinaritra Izy! Oh!

*Misy Efitra Ao Amin'Ilay Loharano.* Hainao ve izany, Ranabavy Gertie? Ndao isika. Firy no tia an'izany hira izany? Hanana fotoan'ny batisa iray isika ankehitriny, afaka fotoana fohy. [Miresaka amin-dRahalahy Neville Rahalahy Branham—Mpand.] Hanao batisa azy ireo ve ianao? Eny àry.

Efitra, eny, misy efitra,  
 Misy efitra ho anao ao amin'ilay Loharano;  
 Efitra, efitra . . .

<sup>434</sup> Eny àry. Ireo kandidà ho an'ny batisa, ireo lehilahy dia handeha ho ato amin'*ity* efitra ity, ireo vehivavy ho ato amin'*ity* anankiray ity, eny àry, ireo izay hatao batisa amin'ny Anaran'ny Tompontsika finaritra.

. . . tsara ho anao,  
 Misy efitra ho anao eo amin'ilay Loharano;  
 Efa tsara tamiko Andriamanitra,  
 Misy efitra ho anao eo amin'ilay Loharano.

<sup>435</sup> Ny olona rehetra ankehitriny.

Efitra, efitra, eny, misy efitra,  
 Misy efitra ho anao eo amin'ilay Loharano;  
 Oh, efitra, efitra, eny, misy efitra,  
 Misy efitra ho anao eo amin'ilay Loharano.

436 Oh, tiako izany hira fahiny izany. Ary ianareo?

Misy efitra ho anao eo amin'ilay Loharano;  
 Oh, efitra, efitra, misy efitra betsaka,  
 Misy efitra eo amin'ilay Loharano.

437 Ankehitriny, raha mbola miditra ny loholona, ho vonona amin'ny batisa, dia tiako ny hanazava amin'ny mpanatrika. Ary hangataka ny sasany amin'ireo diakona aho, raha afaka mandre ahy izy ireo ao amin'ilay efitra, rehefa vonona izy ireo, dia tongava ka—ka mitenena amiko, sy mba ahafahanay mamindra an'ireo fanamafisam-peo. Tianay ianareo rehetra hahita an'izao. Mbola misy eo amin'ny folo minitra eo, dia hirava ny fiangonana.

438 Ankehitriny dia tiako ny hamaky sasantsasany avy ao amin'ny Soratra masina ho anareo. Tiako ny hamaky azy ireo avy ao amin'ny Bokin'ny Asa. Ary tiako ny hanomboka amin'ny andininy faha-12 an'ny toko faha-2-n'ny Asa.

439 Ankehitriny, tiako ianareo hanamarika ao amin'ny toko faha-16-n'ny Masindahy Lioka, na ny Masindahy Matio, mino aho fa izay ilay izy, hoe nidina avy teny an-tendrombohitra Jesosy. Izy ireo... Hoy Izy tamin'ireo Mpianany, "Ataon'ny olona ho Iza moa Aho ilay Zanak'olona?"

440 "Ary ny sasany tamin'izy ireo nilaza, nahoana, Ianao no 'Elias.' Ary ny sasany nilaza fa Ianao no—Ianao no 'ilay Mpaminany.' Ary ny sasany milaza fa Ianao no *ity* na ny *hafa*."

441 Hoy Izy hoe, "Fa ataonareo ho Iza kosa moa Aho?"

442 Dia hoy Petera hoe, "Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

443 Hoy Jesosy hoe, "Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona, fa tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany. Tsy nianatra tany amin'ny seminera iray mihitsy ianao. Tsy nianatra an'Izany tamin'ny olona mihitsy ianao." Hoy Izy, "Fa Ny Raiko izay any An-danitra no nanambara an'izany tamin'ny anao. Ary Lazaiko fa ianao no Petera. Eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako. Ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy. Ary Omeko anao ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny Lanitra." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Ary na inona na inona vahanao ety an-tany, dia ho Vahako izany any An-danitra. Izay fatoranao ety an-tany, dia ho Fatorako izany any An-danitra." Matotra tamin'Izany ve Izy? Tsy tokony niteny an'Izany Izy. Ankehitriny, raha nandeha ny fotoana, ankehitriny, nanana ny fanalahidin'ny Fanjakana i Petera.

444 Ankehitriny, ianareo vahoaka Katolika, mety mieritreritra an'izany ianareo, ka hoy ianareo hoe, “Miorina eo ambonin'i Petera ny fiangonana Katolika.” Eny àry, hahita isika. “Izy ireo no nanana ny fanalahidy. Mbola manana ny fanalahidy foana ny fiangonana Katolika.”

445 Ndao isika hahita an'izay nataon'i *Petera* tamin'ireo fanalahidy, hitanareo, avy eo dia hahita isika. Ny Baiboly dia nilaza, tamin'i Petera sy ny sisa tamin'ireo apostoly hoe, “Mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao. Na fahotan'iza no avelanareo, dia havela amin'izy ireo izany. Na fahotan'iza no tazoninareo, dia tazonina ho azy ireo izany.” Izany, mety milaza an'izany aho mba. . . Mety misy olona tsy mahazo an'izay tiako lazaina. Hoy Jesosy tamin'ireo apostoly, “Na fahotan'iza no avelanareo, dia Havelako koa izy ireny. Ary na fahotan'iza no tsy avelanareo, ka hazoninareo hanohitra azy ireo, dia Hazoniko hanohitra azy ireo koa izany.” Izany no nolazain'i Jesosy.

446 Diniho izay hanindrahindran'ny fiangonana Katolika an'izany.

447 Fa ndao isika hahita hoe ahoana no nanaovan'izy ireo an'izany. Avy eo raha hitantsika hoe ahoana no nanaovan'izy ireo an'izany, amin'izay fotoana izay dia tokony ho tahaka an'izany ihany no hanaovantsika azy. Ankehitriny ndao isika hahita.

448 Andron'ny Pentekosta izany. Notokanana ilay Fiangonana. Tany amin'ny efitra ambony izy rehetra. Nivoaka avy tao ireo lehilahy, niteny fiteny samihafa. Nahoana? Voaseho teo ny fiteny rehetra eto ambanin'ny Lanitra. Ny teny Anglisy dia teo, ihany koa. Tokony ho teo ny fiteny rehetra eto ambanin'ny Lanitra, ny fiteny izay notenenina tamin'izany andro izany. Mandroso eto ary manome fiteny maro, ary ahoana fa ireo Kretana sy vahiny, sy ireo proselyta avy any Roma, sy—sy—sy Arabo, ary ny rehetra dia miteny sy manan- . . . Ankehitriny, tsy niteny tamin'ny fiteny izay tsy hay izy ireo. Niteny tamin'ny fiteny hay izy ireo, tamin'ny olona. Tsy fiteny tsy hay, fa fiteny izay azon'ny tsirairay avy. Ilay mpanota, ilay tsi-mpino, dia afaka nandre an'izay nolazainy. “Ahoana no handrenesantsika amin'ny fiteninitsika manokana izay—izay nahaterahantsika?”

449 Diniho ankehitriny. Tonga ilay fanontaniana ankehitriny. Ankehitriny, “Nihomehy ireo hafa.” Ny andininy faha-12, eny àry.

*Ary talanjona izy rehetra, ka . . . nisalasala, nifampiresaka hoe, inona no dikan'izao?*

*Ireo hafa dia nihomehy ka nanao hoe, Ireo . . . dia leon'ny divay vaovao.*

450 Nanesa azy ireo izy ireo. Satria, ahoana no nataon'izy ireo? Nivembena tahaka ny lehilahy mamamo izy ireo, tahaka ny lehilahy mamamo. Niresaka, tsy nahafantatra an'izay nolazainy, saingy

nitory tamin'ilay fiangonana tamin'ny fiteny izay tsy hain'izy ireo, nefa hain'ilay fiangonana. Hitanareo? Eny àry.

*Ireo hafa . . . nanao hoe, Izy ireo dia leon'ny divay vaovao, jereo hoe ahoana ny fihetsik'izy ireo.*

*Ireo hafa dia nihomehy, nanao hoe, Ireo . . . dia leon'ny . . .*

“Fa Petera . . .” Tandremo, ry tovolahy! Ianao no manana ny fanalahidy.

*Fa Petera, dia nitsangana niaraka tamin'ny iraika ambin'ny folo, nanandratra ny feony, ka nanao tamin'izy ireo hoe, . . .*

Ankehitriny, tsarovy, ity no fitokanana voalohany an'ilay Fiangonana.

*. . . Ianareo lehilahy an'i Jodia, sy . . . ianareo izay monina eto Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, ka henoy ny teniko:*

*Fa tsy mamo ireo, araka ny heverinareo, satria izao dia vao ora fahatelon'ny andro.*

Mbola tsy nivoha akory aza ireo trano fisotroana tamin'io fotoana io. Hitanareo?

*Fa izao ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe;*

*. . . izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, Izaho no handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra: eo amin'ny zanakalahinareo sy . . . zanakavavinareo, ary izy ireo dia haminany, ary ny zatovonareo hahita fahitana, ary ny lahiantitrareo hanonofy:*

*Ary amin'ny mpanompoko sy . . . ny mpanompovaviko dia izaho no handatsaka ny Fanahiko amin'izany andro izany; . . . haminany izy ireo:*

*Ary izaho dia haneho fahagagana eny amin'ny lanitra ambony, sy famantarana amin'ny tany ambany; . . .*

Ankehitriny, Petera no mitory teny ankehitriny, ilay anankiray miaraka amin'ny fanalahidy.

*. . . rà, . . . afo, . . . zavon'ny setroka:*

*Ny masoandro hivadika ho aizina, . . . ny volana ho rà, alohan'ny hahatongavan'ilay andro lehibe sy malaza an'ny Tompo:*

*Ary izao no hiseho, fa na iza na iza hiantso ny anaran'ny Tompo dia hovanjena.*

*Ianareo ry lehilahin'ny Isiraely, henoy izao teny izao; Jesosy avy any Nazareta, lehilahy nasehon'Andriamanitra teo aminareo tamin'ny fahagagana sy zava-mahagaga ary famantarana, izay*

*nataony . . . teo afovoanareo, . . . izay ianareo mihitsy . . .  
no mahafantatra:*

Miresaka ny amin'ny fananarana iray ve? Izy no nanana ny fanalahidy, fantatrareo. Efa . . .

*Izy, efa natolotra araka ny saina niniana sy ny fahalalan'Andriamanitra mialoha, . . .*

Eo ianareo izao. Ahoana no mba Nahafahany ho voatolotra? Satria Andriamanitra no nifidy an'izany mialoha ho tahaka an'izany. Hitanareo? Fahalalan'Andriamanitra mialoha!

<sup>451</sup> [Nanontany an-dRahalahy Branham ny rahalahy iray hoe, "Vonona ve?"—Mpand.] Vetivety fotsiny. Teneno izy ireo, miandrasa iray minitra fotsiny, mandra-pahatapitro an'ilay Soratra.

*. . . izay nentinareo, tamin'ny tanaan'ny ratsy fanahy, nohomboanareo ary novonoinareo:*

*Izay Andriamanitra no nanangana azy, ka nahafaka ny fanaintainan'ny fahafatesana: satria tsy azo natao . . . ny hihazonan'izany azy.*

*Fa Davida niteny mikasika azy hoe, Nijery mialoha ny Tompo foana aho . . . eo an-tanako ankavanana, ary izaho tsy hangozohozo:*

*Dia izany no nifalian'ny foko, ary ny lelako dia lasa niravoravo; ary koa . . . ny nofoko hitoetra amin'ny fanantenana:*

*Satria ianao tsy hamela ny aiko ao amin'ny helo, ary tsy hamela ny Iray Masinao hahita ny lò.*

*Ianao no nampahafantatra ahy . . . ny—ny làlako, ny làlan'aiko; ianao no hanao ahy ho feno fifaliana ary miaraka amin'ny fankasitrahako.*

*Ry lehilahy sy rahalahy, aoka aho mba hiteny malalaka ho anareo ny amin'i Davida patriarka, . . . izy dia efa maty sy nalevina, ary eto amintsika ny fasany . . . amin'ity andro ity.*

*Noho izany satria mpaminany, ary nahafantatra fa Andriamanitra dia nianiana tamin'ny fianianana iray . . .*

Vao avy notoriako mihitsy izany.

*. . . fa araka—araka an'ireo vokatry ny kibonao, no hanaovany . . . araka ny nofonao, no hananganany an'i Kristy hipetraka eo amin'ny seza fiandrianany;*

Izay vao avy notoriako mihitsy. Mitory an'ilay zavatra iray ihany i Petera.

*Ary nahita an'izany nialoha, nahita an'izany nialoha ilay mpaminany, niresaka ny amin'ny fitsanganan'i*



*Kristy, fa tsy navela tany amin'ny helo ny ainy, na ny nofony hahita ny lò.*

*Izany Jesosy izany dia efa natsangan'Andriamanitra, ka izahay rehetra dia vavolombelona.*

*Noho izany rehefa nasandratra, ary teo an-tànana ankavanana... rehefa teo an-tànana ankavanana, nasandratra tany an-danitra, efa nandray avy tamin'ny Ray...teny fikasan'ny Fanahy Masina, izy...no nampilatsaka an'izao, izay ianareo no mahita sy mandre.*

*Fa tsy Davida no niakatra tany an-danitra, (ilay mpaminany): fa nilaza tamin'ny tenany hoe, Ny TOMPO nilaza tamin'ny Tompoko hoe, Mipetraha ianao eo amin'ny tànako ankavanana,*

*Mandra-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotra iray.*

*Noho izany (henoy ity) aoka ho fantatry ny taranak'Israely marimarina, fa Andriamanitra dia efa nanao an'iny Jesosy iray iny ihany, izay ianareo...no nanohombo azy, ho Tompo sy Kristy.*

Tokony ho nilamina hatreo izany. Sa tsy izany?

*Ankehitriny rehefa nandre an'izany izy ireo, ireo mpanota ireo, dia voatsindrona tao am-pony, ary nanao tamin'i Petera hoe, ... Ry lehilahy... ary Petera sy... ny sisa... ireo apostoly hoe, Ry lehilahy sy rahalahy, inona no hataonay?*

<sup>452</sup> Eny àry. Eto ianareo izao. Inona no azony? Ilay fanalahidy, ilay fanalahidin'ny Fanjakana. Aiza ilay Fanjakana? Ao anatinareo Izany. Marina ve izany? Ny Fanahy Masina no Fanjakan'Andriamanitra. Fantatsika izany. Nateraka tao amin'ilay Fanjakana isika, ho vahoaka sy solontena. Jereo. Manana ny fanalahidy eo amin'ny valahiny izy. "Inona no hataonao amin'io?" Ity ilay varavarana voalohany izay hany nisokatra.

<sup>453</sup> Ankehitriny, ny fanontaniana dia napetraka tamin'ilay mpitory teny, ho an'ny fotoana voalohany, ilay anankiray miaraka amin'ny fanalahidy. Mino aho fa raha nilaza izy hoe, "Mitsangàna amin'ny lohanareo," dia ho ofisialy izany.

<sup>454</sup> "Na inona na inona fatoranao eto an-tany, dia ho Fatorako any An-danitra." Eny àry. "Na inona na inona lazainao, dia hilaza an'ilay zavatra iray ihany Aho. Ianao no manana ny fanalahidy." Eny àry. Manatsofoka an'ilay fanalahidy ao amin'ny varavarana izy.

*... Inona no ataonareo? Ry lehilahy sy rahalahy, inona no hataonay?*

*Ankehitriny rehefa nandre an'izany izy ireo, dia voatsindrona tao am-pony izy ireo, ka nanao hoe . . . Ry lehilahy sy rahalahy, . . .*

*. . . Hoy i Petera tamin'izy ireo, Mibebaha, ary aoka hatao batisa ny tsirairay avy aminareo amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny fahotana, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*

*Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika.*

Nilamina mandrakizay izany. Tsy nisy olona mihitsy, tamin'ny fotoana rehetra, hany afaka, hany nanohitra an'Izany.

<sup>455</sup> Tonga ny fiangonana Katolika, raha tokony hanitrika, dia mamafy izy ireo. Raha tokony hampiasa ny Anaran'i Jesosy, dia nalain'izy ireo ny hoe, “Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.” Tsy nampianarina ao amin'ny Baiboly mihitsy izany.

<sup>456</sup> Ny olona tsirairay, nanomboka tamin'io fotoana io, dia natao batisa tamin'ny fanitrihana tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary ny sasany dia nasitrik'i Jaona Mpanao-batisa, izay nanao batisa an'i Jesosy, nefa i Paoly dia niteny tamin'izy ireo fa tsy afaka mahazo ny Fanahy Masina tahaka an'izany izy ireo. Tsy maintsy niverina izy ireo ary natao batisa, indray, tamin'ny Anaran'i Jesosy, talohan'ny nahafahan'izy ireo nahazo ny Fanahy Masina. Firy no mahafantatra fa izany ny Soratra? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Asa, ny toko faha-19. Eo ianareo izao. Satria, ny Fanjakan'ny Lanitra dia voaisy tombokase amin'ny fomba fanao hafa rehetra, tamin'ny fianianana iray an'i Jesosy Kristy, mba haha-ofisialy an'izany any An-danitra.

*. . . Mibebaha, ary aoka hatao batisa ny tsirairay avy aminareo amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny fahotanareo, . . . ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*

*Satria, ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, . . . ho an'ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika.*

Amena. Ndao isika hivavaka.

<sup>457</sup> Ray, Andriamanitra, izao hariva izao, sivinjato sy arivo taona mahery izay no lasa, kanefa dia mbola mitaky an'Andriamanitra foana ny fahitsiana sy ny fahamarinan'ny fon'olombelona, tahaka ny ankizy mitaky ronono eo amin'ny nonon'ny reniny. Tianay Ianao, Tompo. Tsy afaka ny ho velona tsy misy Anao izahay. Araka ny nolazain'i Davida hoe, “Mangetaheta Anao ny fanahiko, tahaka ny dieravavy mangetaheta ny rano an-ony.” Tsy maintsy mahazo an'Izany izy, raha tsy izany dia maty.

<sup>458</sup> Ary, Ray, efa nandeha nitety ny Soratra izahay, nandroso sy niverina. Tsy ny ho hafa, fa hitanay ireo seminera ireo, ireo mpianatra teolojia ireo amin'izao andro izao, izay mitory araka ny baikon'ny olona, fa tsy araka ny baikon'Andriamanitra. Noho izany, Tompo, tsy manao tsinontsinona an'ireo olona ireo izahay, fa manao tsinontsinona an'ireo zavatra izay ampianarin'izy ireo. Noho izany, Tompo, mangataka izahay mba ho lasa rahalahinay izy ireo. Mangataka izahay mba Hamelanao ny fahadisoan'izy ireo. Ary mivavaka izahay mba hanatonan'izy ireo ny Soratra, hamaky an'Izany, tsy amin'ny fomba nampianaran'ny seminera iray Azy, fa araka ny fomba izay nanoratan'Andriamanitra Azy.

<sup>459</sup> Mivavaka izahay, Andriamanitra, ankehitriny, mba ireo kandida izay tonga izao hariva izao ho an'ny batisa, raha mandroso eto amin'ity polipitra eto ity ny pasiteranay mahery fo, mba hitory ny Filazantsara, ity Filazantsara iray ihany ity, ary avy eo dia ho eo amin'ny dobo fanaovana batisa, mba handevina, ekeo, Tompo, mba ny tsirairay avy amin'izy ireo anie handray ny Fanahy Masina, satria Ianao no nanome ny teny fikasana hoe, "Ianareo handray ny Fanahy Masina." Enga anie ny Fanahin'Andriamanitra hiandry eo amin'ny tampon'ilay rano, mba handray an'ilay kandida izao hariva izao, fa mametraka azy ireo eo an-Tànanao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.



*HEBREO, TOKO FAHAFITO 2* MAG57-0922E  
(Hebrews, Chapter Seven 2)

ANDIAN'NY BOKIN'NY HEBREO

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 22 Septambra, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)